



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

PRÉSIDENCE DE LA REPUBLIQUE

HITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2018-001
TAMIN'NY 26 DESAMBRA 2018

MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2019



ORDONNANCE N°2018-001
DU 26 DÉCEMBRE 2018

PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2019

**HITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2018-001
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2019**



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

HITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2018-001 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2019



FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tonga eo amin'ny kihon-dalana lehibe eo amin'ny tantarany i Madagasikara ny taona 2019, izay ahazoany Filoham-pirenena vao voafidy. Fanamby lehibe mipetraka amin'ny firenena aorian'ny fifidianana ny fampitoniana ireo fifandirana ara-tsosialy sy ara-politika mba hahafahana manorina tontolo milamina sy hahafahan'ny toekarena mivelatra. Noho izany, dia miandrindra hoavy tsara kokoa ny vahoaka amin'ny alalan'ny fivoaram-pandrosoana, ny fihenana fahantrana, ary ny firindrana eo amin'ny asa fampandrosoana. Mbola mitoetra hatrany ireo fanamby ary tokony hitombo avo roa heny ny ezaka atao amin'ny asam-panjakana mba hampody ventiny izay efa nohariana. Anisan'ny hanamarika ny taona 2019 ihany koa ny fahataperan'ny fe-potoana fanatanterahana ny Paikady Natao Dinasa (PND). Ny fandaharan'asa dia hifantoka amin'ny fitandrovana ny fahamarinan-toeran'ny Harifaobe, ny fanatsarana ny faripiainam-bahoaka, ny famerenana amin'ny laoniny ny tontolon'ny fandraharahana ary ny fampiroboroboana ny hanapamokarana indrindra ireo fampiasam-bola mivantana avy any ivelany.

Ao anatin'izany ainga vao izany, ny fandriampahalemana sy ny fitoniana ara-tsosialy no fototra voalohany ho an'ireo asa fampandrosoana rehetra. Izany dia hiankina amin'ny fitantanana mendrika ny Fanjakana sy ny fahavononan'ny fitondrana hijoro amin'ny andraikiny. Ny Fanjakana Malagasy dia tokony hanohy hatrany ny hetsika ataony ho fampanajana ny Tany tan-dalàna sy ny Fitsarana tsy mitanila. Noho izany, ny fifidianana Solombavambahoaka sy Ben'ny tanàna dia tokony ho tanterahina amin'ny taona 2019 mba ho hita taratra amin'ny alalan'ny latsa-bato ny fahavononan'ny olom-pirenena. Torak'izany koa, tokony hitohy hatrany ny famongorana ny kolikoly izay tsy mitsaha-mitombo aty amin'ny ankamaroan'ny tany andalam-pandrosoana ka misakana ny fandrosoany.

Ho vaindohan-draharahan'ny Fanjakana malagasy hatrany, araka izany, ny sehatra ara-tsosialy, ny filaminana, ny fampivoarana ireo fotodrafitrasam-pampandrosoana sy ny fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra, izay iarahany mientana amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Fanamby maro no voafaritra ao anatin'ireo, toy ny fampitomboana ny tahan'ny fisitrahana ireo raharaha ara-tsosialy, ny ady amin'ny tsy fahampiana sy ny tsy fanjarian-tsakafo. Toa izany ihany koa, ny fanohanana ireo rafi-pitantanana misahana ny filaminam-bahoaka, ny fanorenana fotodrafitrasa sy fampitaovana mifanaraka amin'ny tombotsoa iombonana, ary ny fampiroboroboana ny varotra tsy mitanila. Tokony homena lanja ihany koa ny famongorana ireo fomba amam-panao tsy mitondra voka-tsoa tahaka ny doro tanety sy ny asan-dahalo.

Mifandraika amin'ireo ezaka hotanterahana ireo ny tombony ho azo amin'ny fametrahana ny firenena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, amin'ny maha mpiara-miombon'antoka ara-barotra tsy azo ihodivirana sy sompitra ara-pambolena eo anivon'ny Ranomasimbe Indiana azy. Noho izany dia tokony hisy fanatsarana ny tontolo ankapobeny eto Madagasikara: ny didy aman-dalàna, ny kalitaon'ny raharham-panjakana, toy ny filaminam-bahoaka, ny fampianarana, ny fahasalamana, ny fitantanana sns. dia tokony ho

tandrovina avokoa. Hanamafy izany fivoarana izany ny fizoran'ny fifidianana an-kahalalahana ny taona 2019. Tokony ho raisin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2019 an-tanana avokoa ireo laharam-pahamehana ireo.

Ao anatin'ny vanim-potoana ivo ezaka, dia tokony ho efa azo tsapain-tanana ny vokatr'ireo fanavaozana efa natomboky ny Governemanta, ary tokony hitombo avo roa heny ny ezaka hampiantana ny toekarem-pirenena. Ny tetibola 2019 dia tokony hanome antoka ny fampiorehana ny fototra azon'izay Fitondram-panjakana vaovao ireo iraka hampanaovina azy.

Etsy ankilany, ireo fandaharan'asa noraiketina niaraka tamin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena na ny FMI tao anatin'ny FEC (Facilité Elargie de Crédit) dia hifarana ny taona 2019. Na izany aza dia tokony hajaina hatrany ireo fanekena napetraka tao anatin'izany, satria ireo no mitondra amin'ny fitantanam-panjakana manaraka ny toetr'andro, amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana (fanamafisana ny famoriana ny vola ilaina, kalitao, fahombiazana sy fahatratrarana ny tanjon'ny fandaniam-bolam-panjakana).

Hifantoka tanteraka amin'ny fampandrosoana maharitra sy iaraha-misalahy ho an'i Madagasikara ny ezaka ho atao izay mifanindran-dalana indrindra amin'ny zavakendren'ny tetiandro 2030 ho an'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Lovain-jafy (ODD) iraisam-pirenena. Marihina fa raha araka ny voalaza ao amin'ny Lalana fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004, andininy faha-45 sy faha-46, ny volavolan-dalana mikasika ny Lalana mifehy ny Fitantanambolam-panjakana 2019 dia napetraka ho dinihina teo anivon'ny Antenimieram-pirenena ny 29 oktobra 2018.

Taorian'ny fandinihana azy io teo anivon'ny Parlemanta dia tsy niombo-kevitra ny Antenimiera roa tonta mahakasika ilay volavolan-dalàna mialoha ny daty voafetra ho fikatonan'ny fivoriana ara-potoanan'ny Antenimiera handinihana ny Tetibola.

Ny andalana faha-7 ao amin'ny andininy faha-92 ao amin'ny Lalam-panorenana nefa dia milaza fa raha tsy nolanian'ny Antenimiera alohan'ny fiakaran'ny fotoam-pivoriana faharoa ny volavolan-dalàna momba ny Fitantanam-bola, dia afaka andraisana Didy Hitsivolana ny fampiharana ireo fepetra ao anatin'izany, ary ampidirina ao ny fanitsiana iray na maromaro neken'ny Antenimiera roa tonta.

Araka izany, ny Governemanta dia manolotra ity Didy hitsivolana ity. Amin'ireo fanitsiana natolotry ny Parlemanta, izay azo raisina araka ny andininy faha-92, andalana faha-8 ao amin'ny Lalam-panorenana, ny Fanitsiana mahakasika ny fametrahana ho ara-dalana ireo haba fanampiny ao anatin'ny fampiharana ireo fepetra fanitsiana ara-barotra no voatazona. Ny fepetra sasantsasany ao amin'ny filazana ny antonantony dia nesorina ary nampidirina tao amin'ny andininy faha-8 ao amin'ny Fehezan-dalana momba ny Faditseranana. Io dia tsy manova ny fifandanjana eo amin'ny Tetibolam-panjakana.

I- SORI-DALANA ANKAPOBENY, FIVOARANA SY VINA ARA-TOEKARENA

A- SORI-DALANA AN-KAPOBENY

- ***Ny maha zava-dehibe ny fahamarinan-toerana eo amin'ny lafiny sosiahy sy politika***

Hanamarika ny taona 2019 ny fiatombohan'ny fotoam-piasan'ny Fitondram-panjakana vaovao aorian'ny fifidianana ho tanterahina ny faran'ny taona 2018. Ao anatin'io vanim-potoana io, ny Governemanta vaovao dia hanatanteraka ny fanamby ho fampientanana ny toekarena izay hifototra indrindra amin'ny fametrahana tontolo ara-politika sy ara-tsosiahy milamina. Ny zava-dehibe ho atrehana aorian'ny fifidianana dia ny fijerena manokana ny sehatra sosiahy sy ny fototra iorenan'ny Fanjakàna tan-dalàna. Fanamby ara-tsosiahy maro no voatazona sy tokony ho tanterahina mba hahazoana miantoka tontolo ara-tsosiahy madio sy mampahomby ny fandraharahana. Io zotra arahina io dia ho hita mivaingana amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo paikady isan-tsehatra ho an'ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny rano sy ny fidiavana, ny fiahiana ara-tsosiahy, ary ny ady amin'ny kolikoly sns.

Misy ihany koa ireo asa fototra vinavinaina ho tanterahina amin'io vanim-potoana io. Anatin'izany ny fametrahana ireo sampan-draharaham-panjakana voalazan'ny Lalàmpanorenana Malagasy, toy ny Filankevitra Ambony ho an'ny Fitandrovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna (HCDDED) sy ny Fitsarana Avo (HCJ). Ambonin'izany, ny Fanjakana dia mikasa hampijoro tanteraka ireo Tendro miady amin'ny Kolikoly (PAC) eo anivon'ireo Renivohi-paritany efatra (04) amin'ny taona 2019 amin'ireo enina (6) heverina ho vitaina mandra-pahatongan'ny taona 2021. Ireo sampandraharaham-panjakana hafa izay miaramisalahy amin'ny ady amin'ny kolikoly ihany koa dia ho tohanana, toy ny CSI (Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité), ny SAMIFIN (Sampandraharaha Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiambola), ary ny Birao mahaleo tena iadiana amin'ny kolikoly (BIANCO). Ireo Sampandraharaham-panjakana hafa dia hamafisina, indrindra ireo Minisitera telo izay miandraikitra ny fandriam-pahalemana.

Ireo iraka fisafoana ankapobeny ny raharaham-panjakana dia ho tohanana ihany koa mba hahafahana miantoka ny fahombiazan'ny fandehanan'ny asa ataon'ny Fanjakàna ary ho fampanajana ireo fotokevitra nametrahana ny Fanjakàna tsara tantana. Ny fampitaovana sy ny fanohanana ara-bola natokana hanarenana sy hanavaozana ny trano iasan'ireo antokon-draharaha misahana izany rehetra izany dia ho voasoratra ao anatin'ity Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ity. Ireo hetsika ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa eny anivon'ireny antokon-draharaha ireny dia ho toa izany hatrany.

Ankoatra izay, ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena, toy ny fampiharana ny foto-kevitra ny tetibola andraisan'ny daholobe anjara, dia ho anisan'ny vaindohan-draharan'ny Fanjakàna ihany koa, ohatra amin'izany ny mba hisian'ny fiaraha-mientan'ireo mpisehatra rehetra amin'ny tontolon'ny fampandrosoana (Firaisa-monim-pirenena, ONG, sehatra tsy miankina sns.).

- ***Ny mampisongadina ny fampihenana ny faharefoan'ny ara-faobe***

Ny toekarena Malagasy matetika dia korontanin'ny trangan-javatra manahirana avy ao anatin'ny ivelany izay tsy ampoizina. Ireny toe-javatra manahirana ireny dia miantraika amin'ny fandaharan'asa ara-toekarena sy ny ara-bola. Noho ny fahatsapana izany fahalemena izany, ny Fanjakana malagasy, tao anatin'ny taona vitsisitsy, dia nirona tamin'ny fametrahana fepetra, dia ny fanalefahana ny fiantraikan'ireo tranga ahiana mety tsy hahamarin-toerana ny tontolon'ny Harifaobe, ary mbola manohy izany hatrany. Amin'ny ankapobeny, ireo tranga mpiseho matetika dia ny krizy politika, ny voina ara-boajanahary (rivo-doza, tsy fahampian'ny rotsak'orana, tondra-drano), ireo fitavozavozana manoloana ireo fanavaozana atao amin'ny orin'asam-panjakana ka mitarika famindram-bola mavesa-danja, ny fiiban'ny isa miditry ny fifanakalozana, ny fiankinan-doha amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany entin'ireo mpamatsy vola sy ireo fampiasam-bola vahiny mivantana, ary ny mety ho fahaverezan'ny fitokisana ara-barotra.

Mifanindran-dalana amin'ireo tanjona kendren'ny PND sy ny fanekena noraiketina tao anatin'ny FEC, dia hanamarika ny taona 2019 ireto hetsika manaraka ireto: (i) fitandrovana ny fisondrotan'ny vidim-piainana ho tarehimarika tokana (ii) fampiasana ireo fitaovana vaovao napetraky ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM). Ireo dia hahafahana miroso amin'ny fialana tsikelikely amin'ny tanjona apetraka mialoha eo amin'ireo tondro ara-bola ka mankany amin'ny fikendrena ny tahan'ny zana-bola mety ho an'ny firenena. Taorian'ireo tranga mafampana nampisondrotra ny vidim-piainana nanomboka ny taona 2017, ny fihenana-danja'ny Ariary sy ny fibontsinan'ny antontam-bola vokatry ny fiakaram-bidy mihoam-pampana teo amin'ny sehatry ny lavanilina dia ho laharam-pahamehan'ny Fanjakana ny fanitsiana ireo tondro ireo amin'ny alalan'ny fandrindrana ireo politika ara-tetibola sy ara-bola, mba hiarovana ny fahefa-mividin'ny isan-tokatrano sy hanatsarana ny fari-piainan'izy ireo ary hahafahana mametraka fampandrosoana iaraha-misalahy sy lovain-jafy.

Noho izany, ireo vina lehibe ho andrasana amin'ny taona 2019 dia voafintina araka izao manaraka izao:

- famerenana ny fitomboana ara-toekarena izay atosiky ny fiakaran'ny fampiasam-bola sy fitohizan'ny fahafahan'ny firenena mifaninana amin'ny tsena iraisam-pirenena: mahatratra taha-pitomboana 5.2% (taha-pitomboana mitovy amin'ny taona 2018);
- fampidinana marik'isa -0.3 ny fahavitrihan'ny fiakaran'ny vidim-piainana ka 6.8% no taha ho trararina amin'ny faran'ny fe-potoana;
- fahamarinan-toeran'ny tahirim-pifanakalozana ofisialy izay sandaina amin'ny isam-bolana hanafarana entana (4,0 volana, marik'isa miabo 0.1) ;
- fiovan'ny antontam-bola (M3) mitentina 13.0%, miiba marik'isa -0.4 raha mitaha ny tamin'ny taona 2018.

• ***Ny maha-vaindohan-draharaha ny fanomezana sehatra malalaka ny Fampiroboroana ny tontolon'ny ankizy madinika, ny tanora ary ny vehivavy***

Ampahany betsaka amin'ny mponina eto Madagasikara no tena mbola marefo ary ny tanora, ny vehivavy sy ny ankizy madinika no tena mandrafitra izany. Ny fahantrana mazàna dia miseho amin'ny faharatsian'ny tontolo iainan'izy ireo sy ny fari-piainany (tsy fanjarian-tsakafo, aretina, tsy fidirana na fandoazana ny sekoly, tsy fananana asa, tsy fisitrahana ny zo sns). Ireo hetsika tanterahan'ny Fanjakana mba hanamafisana ny fiahiana ara-tsosialy ho an'io vondron'olona io dia tokony hampitomboina. Araka izany, ny fampandrosoana ny ankizy madinika dia mitaky ny fandrindran'asa ifandrimbonan'ireo sehatra isan-tsokajiny izay mitodika amin'izany. Ireo Ministera tsirairay izay voakasik'izany mivantana (Fanabeazana, Fahasalamana, Fanjarian-tsakafo, Fitsarana) no hiantoka ny fametrahana ny fifanohanana sy ny fifamenoan'ireo politika, ireo paikady, ireo tetikasa ary ireo hetsika atao eny anivon'izy ireo. Ny ankizy tsirairay avy dia afaka hisitraka ny fandraisana an-tanana feno eny amin'ireo sehatra rehetra noho izany.

Raha ny momba ny tanora indray, dia asa fanavaozana maro no eritreretina atao mba hanampiana ny fidiran'izy ireo miandalana ao anatin'ny rafitra famokarana ho an'ny firenena.

Ankoatra izany, ny fanentanana ho fanomezan-danja ny zo ary koa ny ady atao amin'ny herisetra mety mianjady amin'ny vehivavy dia mitoetra ho zotra laharam-pahamehana ho an'ny fiarovana azy ireo. Ny fivoarana ara-tsosialy, araka izany, dia mivohy ny fizakantena sy ny fanamafisana ny sata ara-toekarena sy sosialin'izy ireo. Ao anatin'izany, ny politikam-pirenena ho an'ny fampiroboroana ny vehivavy dia an-dalam-pamolavolana. Mifanindry an-dalana amin'izany, ireo asa mivaingana dia efa notanterahana toy ny fampiodinana ireo rafitra fitsinjovana sy fandraisana an-tanana ireo izay niaran'ny herisetra noho ny maha fanaka malemy, sy ny tantsoroka ho an'ireo hetsika miteraka loharanom-bola. Fanampin'izany dia hetsika maromaro no hatao mba hampahafantarana ny zon'ireo vehivavy sy hampahafantarana ireo mpisehatra rehetra ny maha-zava-dehibe ny firotsahan'ny vehivavy ao anatin'ny fampandrosoana amin'ny lafiny ara-toekarena sy ara-tsosialy ny fiaraha-monina.

Aoriana ao, ireo asa ho tanterahina hanatrarana izany antony izany dia hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampidinana ny tahan'ny fahantrana sy ny fanatrarana ny tanjon'ny fampandrosoana iaraha-misalahy sy lovain-jafy voasoritra ao anatin'ny ODD sy ireo Paik'adim-pirenena.

- ***Fanamafisana ny Fitsinjaram-pahefana***

Ny fitsinjaram-pahefana dia mibanjina ny fampandrosoana ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana (CTD). Ny fandrosoan'ny Firenena mantsy dia vokatry ny fanatsarana rehetra natao teo anivon'ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana tsirairay. Ny Governemanta noho izany dia manohana ireo hetsika atao eny ifotony entina hanatsarana ny tontolon'ny fihariana sy ny fari-piainana. Matetika nefa dia miatrika olana ny fitsinjaram-pahefana toy ny tsy fahampian'ny enti-manana ara-bola, ny tsy fahampian'ny fahaiza-manao ara-pitantanana ireo raharaha eny ifotony, ny tsy fiheverana ireo hery misy eny ifotony ao anatin'ny tontolo ara-bolan'izy ireo, sns...

Manoloana ireo olana izay atrehana ireo, ny Governemanta dia manamafy hatrany ireo hetsika hanampiana ireo tompon'andraikitra eo anivon'ireo CTD amin'ny fitantanana ireo loharanon-kery eny ifotony avy amin'ny fampivelarana ny tambajotran'ny fandraharahana ny Hetra sy ny Tahirimbolam-panjakana, ny fanofanana ireo tompon'andraikitra ny CTD mikasika ny fanavaozana hanovana ny fitantanam-bola eny ifotony ho loharanon'ny fampandrosoana lovain-jafy.

Ankoatra izany, ireo famindram-bola mankany amin'ireo CTD voasoratra ao anatin'ny Tetibolam-panjakana dia hahitana fitomboana. Izany fanampiana entin'ny Fanjakana foibe izany dia hikendrena ny famenoana ny tsy fahampian'ny loharanom-bola eo am-pelatanann'izy ireo mba hamaliana ny filan'ny fampandrosoana.

Ireo hetsika rehetra ireo dia hahafahana manohana ny fametrahana ny Fitsinjaram-pahefana tena izy eto amin'ny firenena.

- ***Fanatanterahana ny fifidianana***

Araka ny tetiandron'ny fifidianana natolotry ny Kaomity Nasionaly Mahaleotena momba ny Fifidianana (CENI), dia ho tanterahina ny taona 2019 ny fifidianana Solombavambahoaka sy Ben'ny tanàna. Noho izany dia tokony ho tanterahina miandalana ny fametrahana sy ny firotsahan'ireo Andrimpanjakana sy ireo sampan-draharaham-panjakana an-tsehatra mba hanomezana antoka ny fahombiazan'ireo asa iantsorohan'ny Governemanta. Ny toromarika mifanaraka amin'izany dia ho soritana ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana taona 2019. Ny sora-bola atokana ho an'ny CENI dia ho hita mazava. Fanampin'izay dia misy ireo fanampiana ara-bola avy any ivelany, izay hanampy ny fizotry ny tetikasa SACEM (Soutien Au Cycle Électoral de Madagascar). Tafiditra anatin'izany ny hanamafisana ny fahafaha-manantanteraka ny firenena mba hampahomby sy hampangarahara ny fikirakirana rehetra ary ho fanajana ny demokrasia mandritra ny fifidianana. Ireo rantsa-mangaika hafa izay tafiditra mivantana ao anatin'io zotram-panantanterahana io koa dia hisitraka fanamafisa-pahalalana sy fampitaovana.

- ***Fanatsarana ny kalitaon'ny fandanium-bolam-panjakana sy fanavaozana ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana***

Ireo ezaka hanatsarana ny kalitaon'ireo fandanium-bolam-panjakana nandritra ireo taona lasa faramparany dia nahafahana nampidina ireo Fandania mahazatra amin'ny ankapobeny, indrindra ny Fandania ho an'ny karaman'ny mpiasam-panjakana. Io sokajim-pandaniana izay naka ny ampahany 51.4%-n'ny Tetibola rehetra tamin'ny taona 2013 io tokoa mantsy, dia tsy nahatratra afa-tsy ny 30.4%-n'ny

Tetibola ho an'ny taona 2018. Io ainga io dia hitohy amin'ny taona 2019 izay hahitana ny ampahany heverina hahatratra 28.6% ao anatin'ny Tetibola ankapobeny.

Ny fiovana teo amin'ny firafitr'ireo fandaniahana dia tsapa ihany koa raha jerena ny Fandaniahana ho an'ny fampandehanan-draharaha, izay nahitana fiovany ampahany tao amin'ny Tetibola izay niainga 31.8% tamin'ny taona 2013 ka nanjary 23.0% tamin'ny taona 2018. Ho an'ny taona 2019, io karazam-pandaniahana io dia tsy hisitraka afa-tsy ampahany 21.4%-n'ireo fandaniahana ankapobeny. Amin'ny farany, ireo vola afaka voatahiry tamin'ny fifehezana ny fandaniahana mahazatra dia hahafahana mampitombo ireo vola ho laniana amin'ny hana-pamokarana izay fivoy manan-danja ho an'ny fitomboan'ny Toekarena. Ny ampahan'ny fandaniahana ho hanam-pamokarana ao anatin'ny Tetibola araka izany dia hahatratra taha 45.0% ho an'ny taona 2019, raha taha 13.7% no an'ny taona 2013.

Mba hizorana amin'ny fitantanana mahomby sy mangarahara ireo Fampiasam-bolam-panjakana, zava-bita tena misongadina no hita tamin'ny alalan'ny fametrahana paikady vaovao entina hitantanana ireo Fampiasam-bolam-panjakana (SGIP) sy ny fandaniahana ny lalàna mifehy izany. Ireto farany no mandrafitra ny lasitra ho an'ny fanomanana sy ny fantanterahana ireo FFBB. Ny fametrahana io SGIP io dia hahafahana manomboka ireo fanavaozana ilaina ho an'ny fampitomboana ny fahombiazan'ireo loharanom-bola azon'ny Fanjakana sy ny famaliana ireo filàn'ny mponina sy ny Toekarena. Araka izany, fomba fiasa vaovao eo amin'ny fisafidianana ireo FFBB ho an'ireo Andrimpanjakana sy Ministera rehetra no nampiharina ho an'ny fanomanana ity Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity mba hametrahana ho laharam-pahamehana ireo tetikasa heverina hitondra fitomboana eo amin'ny Harikarena faobe sy ny fampandrosoana.

Anisan'ireo vokatra andrasana avy amin'ireo fanavaozana ireo, ao anatin'ny fotoana ivo ezaka, ny vokatra hoentiny ireo paikady isan-tsehatra ho an'ny fampandrosoana izay efa natomboka ny fanatanterahana tao anatin'ny taona vitsivitsy. Io fametrahana ho laharam-pahamehana ny famoronana loharanon-karena mivaingana sy maharitra dia hitohy araka izany amin'ny taona 2019 ary hanome tombony sehatra efatra (04) dia ny fandriam-pahalemana, ny fampandrosoana ny eny ifotony sy ny tontolo ambanivohitra, ny fanabeazam-boho ireo fotodrafitrasam-pampandrosoana, ny Fahasalamana sy ny Fampianarana. Ampahany 32.0% isan-jaton'ny Tetibola no homena ny fanatanterahana ny PSE, ary 16.0% ho an'ireo ministera telo misahana ny fandriam-pahalemana (Fiarovana, Zandarimaria, Filaminana anatin'ny). Vokatry'izay, Ireo antontam-bola natokana amin'izany dia hitombo araka izany, izany hoe 16.2% ho an'ny sehatra fampianarana, ary 12.7% ho an'ny fandriam-pahalemana, noho ireo fahamehana eo amin'ny hetsika fanavaozana entina hanitsiana ireo fironana nandritra ny taona faramparany teo anivon'ireo sehatra ireo.

B- TOMBATOMBANA SY VINA ARA-TOEKARENA

• *Taha miabo sy mahari-pery kokoa ho an'ny Harikarena faobe amin'ny 2019*

Maneho tarehimarika miabo hatrany ny fitomboan'ny Harikarena malagasy ary dia hita fa mihafaingana miandalana izany. Ny Harikarena faobe dia nitombo 4.3% tamin'ny 2017 raha toa ka 5.2% tamin'ny 2018. Hizotra hanaraka io fironana io koa ny amin'ny taona 2019, ka fitomboana mahatratra 5.2% no andrasana, izay ombain'ny Sanda hary mitentina 45 570 miliara Ariary ho an'ny taona 2019 raha 40 409 miliara Ariary ny an'ny taona 2018.

Tahaka ny tamin'ny 2017 sy 2018 dia mbola ny seha-pamokarana faharoa ihany no tena hivoy ny toekarena amin'ny 2019, 7.5% no fitomboana andrasana amin'izany. Hitondra ny vokatra nentiny ireo hana-pamokarana nampiasam-bola teo amin'ny sehatry ny angovo sy ireo indostria momba ny lamba. Ny sampana angovo dia maneho fahavitrihana tsy mitsaha-mitombo nanomboka tamin'ny 2017. Ka fiovana mitarehimarika roa (isan-jato) no antenaina ho an'ny 2019, izany hoe 11.5% ny tahany. Ny firoboroboan'ny famokarana eo anivon'ireo orinasa afak'haba dia ho voatazona amin'ny 2019 ka haneho taha 13.0%. Io fahavitrihana io dia hamarinin'ny finiavan'ny Fanjakana hampiasa vola misimisany kokoa amin'izany sehatra izany.

Na dia hita fa marefo aza ny seha-pamokarana voalohany manoloana ireo trangan-toetr'andro tsy ampoizina dia voafehy ihany ny fitombony noho ireo ezaka efa natao tamin'ity sehatra ity. Raha niiba -1.0% ny fitombony tamin'ny 2017 noho ny fandalovan'ny rivo-doza, dia nahitana fiakarana 4.9% izany tamin'ny 2018 ary hitombo 2.5% ho an'ny 2019. Io fifehezana ny taham-pitomboana io dia vokatry azo tsapain-tanana avy tamin'ny fampiroboroboana ireo sampan-draharaha eo anivon'ny rantsana « fambolena » ary ny « fiompiana sy jono ». Mahakasika izany indrindra, ho an'ny rantsana fambolena dia tafalatsaka tany amin'ny -6.6% ny fitombony tamin'ny 2017 raha 9.2% izany ny 2018. Ho an'ny taona 2019 dia hahatratra 3.2% izany taha izany. Tamin'ny taona 2017 dia tsikaritra fa andry niankinan'ny seha-pamokarana voalohany ny rantsana fiompiana sy jono satria nahitana fitomboana miavaka nahatratra 4.5%. Hiverina amin'ny tahany mahazatra anefa ny famokarana eo anivon'io sampana io manomboka ny taona 2018 ka hahatratra 1.9% izany raha toa ka 2.0% no andrasana ho an'ny 2019.

Ny fitsinjovan'ny Governemanta manokana ny fananganana fotodrafitrasa (raha miohatra amin'ireo rantsan'ny taozava-baventy, ny fitaterana sy ny raharaha araka izay fiantsoana azy manan-kery) dia hanome hery ny famokarana eo amin'ny seha-pamokarana fahatelo. Ny rantsana taozava-baventy sy ny fitaterana no hanosika io seha-mpamokarana io ka ho 7.1% sy 9.7% tsirairay avy ny tahan'ireo ho an'ny taona 2019. Tsikaritra araka izany fa tsy mitsaha-miabo ny taham-pitomboan'io sehatra io nanomboka ny taona 2017 (5.7% tamin'ny 2017 ary 5.3% tamin'ny 2018 ary 5.8% ho an'ny 2019) hitohy hatrany ireo ezaka ireo ny taona 2019.

- ***Hadirin'ny fampiasam-bola mitombo amin'ny ankapobeny***

Nanomboka ny taona 2017, ny tahan'ny fampiasam-bola ankapobeny dia nahitana fitomboana, izay niainga 18.9% tamin'ny 2017, ka nanjary 20.0% ny taona 2018. Io fironana io dia hisongadina amin'ny fiakaran'ny Harifaobe hatramin'ny 21.6% amin'ny 2019. Io fiakarana mitohy eo amin'ny fampiasam-bola io dia maneho ny fahavononan'ny Fanjakana hanamafy orina ny fototry ny fitomboan'ny Harikarena faobe. Raha dinihana ireo singa mandrafitra ny fampiasam-bola ankapobeny, ny fampiasam-bolam-panjakana dia manaraka ny fironan'ny fampiasam-bola ankapobeny eto amin'ny firenena, izany hoe nisy fiakaran-tsanda nanomboka ny taona 2017 hatramin'ny taona 2019. Io taha io dia nahatratra ny 5.4%-n'ny HAF tamin'ny taona 2017 ka hanjary 8.3%-n'ny HAF amin'ny taona 2019.

Nisy fandania mahakasika ny fananganana fotodrafitrasa notontosaina araka izany teo anivon'ny sehatra fambolena sy ny seha-pamokarana faharoa. Misy koa ireo tetikasa fanorenana sy fanarenana ireo fotodrafitrasa momba ny fambolena tahaka ny toho-drano notanterahina. Ankoatra izany dia hisy ezaka mba hahafahan'ny tantsaha misitraka ireo akora enti-mamokatra

Raha ho an'ny sehatry ny indostria indray dia ny fandania amin'ny fotodrafitrasa mahakasika ny angovo sy ny fanalana amin'ny fitokana-monina ireo tany lavitra andriana no vaimohan-draharahan'ny Fanjakana mba entina mamaly ny filan'ny orinasa eto an-toerana sy vahiny. Ireo vokatry isiam-pitomboana entin'ireo fanavaozana ny fampiasam-bola no andrandraina hiantefa eo amin'ny fampitomboana ny Harikarena sy ny fampihenana ny fahantrana. Ny fahatanterahana ireo tanjona ireo dia tokony hampihena ny tsy fifandanjan'ny fandrosoana isam-paritra.

Ankoatra izay, ny EDBM (Economic Development Board of Madagascar) dia nahavita ny andraikiny izay fampiroboroboana ny fampiasam-bola eto Madagasikara tamin'ny alalan'ireo hetsika fampahafantarana nifototra tamin'ny sehatry ny fandraharahana ara-pambolena, ny famokarana lamba, ny famokarana akanjo ary ny fizahan-tany. Azo tanisaina manokana ihany koa ny fanatsarana ny lasitry ny didy aman-dalana izay manamora ny fipariahan'ny fampiasam-bola. Araka ny voalazan'io ratsa-mangaika io dia mety hahatratra hatrany amin'ny 30%-n'ny Harikarena faobe ny tahan'ny fampiasam-bola ao anatin'ny ivo ezaka.

Ny vokatra mivaingana azo avy amin'ny ezaka hanatsarana ny tontolon'ny fampiasam-bola io dia ny fiakaran'ny laharan'i Madagasikara teo amin'ny mari-drefin'ny « Doing business » nanomboka tamin'ny 2016, izay nitàna ny laharana faha-164 tamin'ny firenena 189 ny taona 2016 ka lasa faha-162 amin'ny firenena 190 ny taona 2018.

- ***Fahavononan'ny fitondrana mahefa hifehy ny fisondrotan'ny vidim-piainana***

Mitàna toerana lehibe eo amin'ny fampahamarinan-toerana ny toekarena ankapobeny eto amin'ny firenena ny fifehezana ny fisondrotan'ny vidim-piainana. Ho an'ny taona 2019 dia mihevitra ny hihazona ny tahan'ny fisondrotan'ny vidim-piainana ho tarehimarika tokana amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitaovana hanatanterahana ny politikan'ny vola (taham-panoharana, mari-tondron'ny tahiry tsy maintsy ataon'ireo Banky, ny fikirakirana ny famantsiam-bola vaovao na fisintonana ireo vola mifamoivoy) sy ireo fepetra irotsahana an-tsehatra eo amin'ny tolotra anatiny raha sendra misy ireo tranga manahirana. Mikasika ny fikisahana isan-taona sy amin'ny faran'ny taona, dia heverina ho 7.2% sy 6.8% avy ireo taha, izany hoe hidina marik'isa 0.3 avy mitaha amin'ny taona 2018. Hamporisika io toe-javatra io ny fitohizan'ny vina mahavelombolo eo amin'ny voka-bary eto an-toerana sy any Azia tsikaritra nanomboka ny telovolana faharoa 2018. Antony lehibe nahatonga ny fisondrotan'ny vidim-piainana mahery vaika nandritra ny taona 2017 ary mitana ampahany betsaka amin'ny fandaniana isan-tokantrano (63.5%-n'ny entana jifaina), ny vidim-bary dia mitana toerana lehibe amin'ny fampahamarinan-toerana ny vidim-piainana ankapobeny eto Madagasikara. Ankoatra ny lafiny vidin'entana, ny fihemorana teo amin'ny fitomboan'ny antontam-bola izay andrasana amin'ny taona 2019, raha mitaha amin'ny taona 2018, dia hanampy betsaka ihany koa amin'ny fidinan'ny tahan'ny fisondrotan'ny vidim-piainana. Izany hoe, ny fiovan'ny vola mivezivezy (M3) izay 13.4% tamin'ny 2018 dia ho 13.0% amin'ny taona 2019 na dia teo aza ny fiakaran'ny mihoam-pampana teo amin'ny vidin'ny lavanilina.

- ***Fihenan-danja'ny vola malagasy mitohy nefa voalanjalanja***

Hihen-danja ny Ariary raha miohatra amin'ireo vola vahiny fampiasa matetika amin'ny 2019. Miankina betsaka amin'ny toe-draharaha ara-toekarena ankehitriny izany, indrindra ny fitotongan'ny fatiantoka miavosa eo amin'ny toe-danja ara-barotra ivelany, ny fiankinandohan'i Madagasikara amin'ny fanampiana avy any ivelany ary ny fiakaran'ny dolara amerikana eo amin'ny sehatry ny varotra iraisam-pirenena. Ho voafetra ihany anefa io fitotongan'ny vola eto an-toerana io amin'ny alalan'ny famoriana tahirim-pifanakalozam-bola vahiny mavesa-danja avy amin'ny fanondranana lavanilina sy ireo vokatra voahodina ary avy amin'ny famoahana ireo fanampiana ara-tetibola voavinavina ho an'ny taona, toy izay voarakitra ao anatin'ny FEC. Manampy izany ireo ezaka fanampiny heverin'ny BFM ho atao manokana amin'ny tahirim-bola vahiny izay hiampy +146 tapitrisa DTS ho an'ny taona 2018. Noho izany dia hitentina 1 272 tapitrisa DTS ny antonta-tahiry izay voarakitra an-tsoratra, izany hoe marik'isa 4.0 raha sandaina amin'ny isam-bolana hanafarana entana sy raharaha. Hidirtra an-tsehatra amin'ny tsenam-bola vahiny iraisan'ny Banky (MID) koa ny BFM mba hanamari-toerana ny fiovaovan'ny taham-pifanakalozana ary hampiasa ireo fitaovana vaovao ampiasaina amin'ny politikan'ny fikirakirana ny vola mba hampahomby sy hampaharitra ny politikam-pifanakalozana. Noho izany, ny vinavina mahakasika ny sandam-pifanakalozana amin'ny faran'ny fe-potoana 2019 dia ho 5 025 Ariary ho an'ny DTS ary 3 444 Ariary ho an'ny dolara amerikana ; raha ny fikisahany ao anatin'ny taona dia niakatra 4.4% sy 3.7% tsirairay avy izy ireo raha mitaha amin'ny tombatombana tamin'ny volana Desambra 2018.

- ***Fatiantoka eo amin'ny Toe-danja-pifanakalozana ivelany izay ahitana fihatsarana miandalana eo amin'ny Toe-danja ara-barotra ivelany***

Ny toe-danja'ny fifanakalozana tsotra dia hihetry 55.6 tapitrisa DTS amin'ny 2019 raha oharina amin'ny 2018. Io fitotonganana io dia ho hita manerana ny singa mandrafitra azy rehetra.

(i) Ny toe-danja ara-barotra ivelany dia hitotonganana 18.6 tapitrisa DTS, ka hiainga -502.4 tapitrisa DTS izany ny 2018 ary ho -521.0 tapitrisa DTS ny 2019, na dia teo aza ny vinavina fa hiakatra kokoa ny fanondranana (7.1%) eo anatrehan'ny ny fanafarana (6.5%). Manampy izay, ny fatiantoky ny toe-danja'ny raharaha ihany koa dia hihamafy. (ii) Hijanona ho isa miiba ny toe-danja'ny vola ampidirin'ny hanam-pamokarana ka mbola hidina 26.9 tapitrisa DTS ny fatiantoka eo anelanelan'ny taona 2018 sy 2019, izany dia noho ny fiakarana novinavinaina teo amin'ny vola mivoaka ho tambin'ny fampiasana ireo akora enti-mamokatra, indrindra ny anjara tombony mifandraika amin'ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany. (iii) Ny famindram-bola tsotra, indrindra ireo fanampiana ara-tetibola izay azon'ny Fanjakana Malagasy dia hihena 29.0 tapitrisa DTS, izany hoe 56.4 tapitrisa DTS amin'ny 2019 raha toa ka 85.4 tapitrisa DTS izany tamin'ny 2018.

Fa mifanohitra amin'izay, ny fanatevenana ny tombony eo amin'ny 64.7 tapitrisa DTS ny toe-danja'ny fikirakirana vola sy renivola dia hampahalefaka ny fatiantoky ny toe-danja-pifanakalozana tsotra. Io toe-javatra io dia vokatra ny fisarihana ireo fanomezana miendrika tetikasa sy ny famatsiana ny FFBP azon'i Madagasikara. Noho izany dia hisy ambimbava mitentina 56.0 tapitrisa DTS ny toe-danja ankapobeny ary hihatsara raha mitaha amin'ny 8.8 tapitrisa DTS tamin'ny 2018.

- **Sehatry ny tetibola voafehy ao anatin'ny fitantanana ny volam-panjakana**

Hitohy hatrany ireo ezaka fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana. Saika tratra avokoa ny votoatin'ireo tondro maneho ny zava-bita. Ny tanjon'ny fitondrana mahefa amin'izany dia hampiakatra ny kalitaon'ny fandaniahana, hanetsika ny fidiram-bolam-panjakana ary hampihena izay mampaharefo ny tahirimbola fisotroan-dronono sy ny orinasam-panjakana.

Zava-bita maharitra sy mitohy eo anivon'ny fidiram-bolam-panjakana

Nahitana zava-bita mahafa-po ny fidiran-ketra nandritra ny taona 2019 noho ny ezaka vitan'ireo Fitantanana-draharaha roa misahana ny famorian-ketra. Noho izany, ny vokatra ho andrasana ao anatin'io vanim-potoana io dia fidiran-ketra mitentina 5 544.6 miliara Ariary, izany hoe Taha tsindrin-ketra 12.2% (mandigana marik'isa 0.2 raha mitaha amin'ny LFR 2018).

Ho an'ny fidiran-ketra anatin'ny dia fiakarana 14.5% no andrasana ka hahatratra 2954.6 miliara Ariary ny sora-bola mifanaraka amin'izay, izany hoe Taha miohatra amin'ny Harikarena faobe 6.5%. Ny ezaka atao amin'ny faniliana ny trosa mbola tsy efa, ny fanatsarana ny fitantanana ny Haba amin'ny Sanda Hary, ny fanamafisana ny fanenjehana ireo tsy mahefa hetra ary ny fomba mahomby hamantarana ireo mpandao hetra no hanampy amin'ny fahatratrarana io vokatra io.

Raha ny momba ny vola miditra avy amin'ny fadin-tseranana, ny fizorana makany amin'ny fialana amin'ny materialy, ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny sanda ara-padintseranana ary ny fahombiazan'ny famorian-ketra no antony hahatongavana amin'ny tanjona. Ny taha-piakaran'ny fidiram-bola raha oharina amin'ny LFR 2018 dia ho 12.8%, ka hahatratra 2590.0 miliara Ariary izany amin'ny 2019.

Ny fidiram-bola ivelan'ny hetra dia hisy fiakarana hatrany, ka hitombo 13.5% ho an'ny 2019, ho 102.2 miliara Ariary ny sora-bolany.

Tahaka izany koa ny fanomezana izay hirona miakatra. Raha ampitahaina amin'ny LFR 2018 dia fihatsarana manodidina ny marik'isa 0.1 no vinavinaina ho an'ny taona 2019. Hiova 3.5%-n'ny HAF raha toa 3.4% izany teo aloha. Io zava-bita io dia hamarinin'ny famaranana ireo fifanarahana izay voalaza nandritra ny Fihaonamben'ny Mpamatsy vola sy ny Mpampiasa vola (CBI) tamin'ny volana Desambra 2016. Ankoatra izay dia misy fanampiana ara-tetibola avy amin'ny BAD raha tsy hilaza hafa tsy ny amin'ny alalan'ny PACE II ho andrasana, tahaka izany koa ny avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena.

Fiakaran'ny fandanium-bolam-panjakana sy toe-danja'ny tetibola voafehy

Ny tanjona ho fitohizan'ny raharaham-panjakana sy ny fanajana ireo fifanekena izay efa natao dia hamaritra ny fitodik'ireo fandania amin'ny taona 2019. Mitoetra hatrany ny hanaovana fandania voahevitra. Ireo fanavaozana natomboka tamin'ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana koa dia hitohy mba hanomezana antoka ny fangaraharaha sy ny fanajana ny fenitry ny fikirakiram-bola.

Ny laharam-pahamehana tao anatin'ny tetibola dia ho azo tarafina amin'ny fampiakarana ny sora-bolan'ireo sehatra mifandraika amin'ny Filaminana, ny ady amin'ny kolikoly, ny fanohizana ny fizarana makany amin'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana, ny fanamafisana ny fananganana fotodrafitrasa ary ny fijerena akaiky ireo sarangan'olona marefo indrindra; raha oharina amin'ny LFR 2018. Mbola mitoetra ihany koa ny fijerena manokana ny sehatra ara-tsosialy (fanabeazana, fahasalamana, mponina, sns).

Ny fandania fampandehanan-draharaha dia hihakatra 10.2% raha ampitahaina amin'ny LFR 2018 ka hitentina 1803.0 miliara Ariary ho an'ny taona 2019, (izany hoe 4.0%-n'ny Harikarena faobe). Izany dia ho enti-manohana ny asa hiandraiketan'ireo sehatra laharam-pahamehana miisa efatra (04) mandrafitra ny tetibola, dia ny fitantanana-draharaha, ny famokarana, ny fotodrafitrasa ary ny sosialy. Ankoatra izay dia hitentina 2 407.2 miliara Ariary ny fandania amin'ny karama (izany hoe hiakatra 11.2% raha toa ka 5.3% ny tahany taterina amin'ny Harikarena Faobe), ny zana-bola amin'ny trosa indray dia hahatratra 416.7 miliara Ariary (0.9%-n'ny Harikarena Faobe)

Raha ny momba ny fampiasam-bolam-panjakana indray dia fiakaran'ny 28.4% no andrasana ho an'ny Fiforonana ankapoben'ny renivola maharitra eto Madagasikara amin'ny 2019. Raha ny sora-bola voatokana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana dia hahatratra 3781.3 miliara Ariary, izany hoe 8.3%-n'ny Harikarena Faobe.

Avy amin'izay voalaza teo aloha dia hihakatra 10.7% ny fandania ara-tetibola raha oharina amin'ny LFR 2018 ka hahatratra 10.2%-n'ny Harikarena Faobe izany.

Raha ampitahaina ny fatran'ny fandania novinavinaina sy ny famatsiam-bola ialàn'ny loharanom-bola avy any ivelany (findramam-bola, fanomezana, famatsiana ny PIP avy any ivelany, fanampiana ara-tetibola sns) andrasana amin'ny 2019, dia hisy ambimbava 48.3 miliara Ariary eo anivon'ny toe-danja voalohany (0.1%-n'ny Harikarena Faobe) andrasana amin'ity vanim-potoana ity. Io ambimbava io dia hanaporofa ny vokatr'ireo ezaka manokana ataon'ny Fanjakana hamatsiana ireo fandaharan'asany ivelan'ireo famatsiam-bola avy any ivelany. Na izany aza dia vinavinaina hitotongana marik'isa 0.2 ny fatiantoky ny Fanjakana, raha 3.3% izany dia ho lasa 3.5%-n'ny Harikarena Faobe, noho ny vesatry ny ampahan'ny trosa ao anatin'ny tetibola.

Noho izany dia ho vatsian'ny kitapom-bola avy any ivelany ny 81.2%-n'io fatiatoka io. Ny ambiny dia hiandraiketan'ny rafitry ny banky eto an-toerana.

II- FIRONAN'NY TETIBOLA AO AMIN'NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA 2019

A- VOLA MIDITRA

1. HETRA

Ny rafitra ara-ketra dia mitazona andraikitra lehibe hampiroboroana ny toekarena, hametrahana tontolo manome vahana ny fampiasam-bola ary fametrahana lalàna ara-ketra mora azon'ny olom-pirenena.

Araka izany, ho amin'ny fampidirana-ketra anatin'ny, ny fanamafisana ireo fepetra noraisina mikasika ny fanamorana sy ny fahamarinan-toeran'ny taham-pameran-ketra no zotra nitondràna ny fikarakarana ity Lalàna ity

Ankoatra izany dia nampidirina ireo fepetra hanome ainga vao ho an'ny toekarena. Ny Fanjakana dia mihevitra ny hanatsara ny fidiram-bolany amin'ny alalan'ny vokatry ny sanda hary izay mitondra amin'ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo mpisehatra ara-toekarena.

Noho izany, ireo fanatsarana nentina amin'ny fepetra ara-ketra ho amin'ny 2019 dia nahompana manodidina ireto fepetra manaraka ireto:

- **Ny fampananan'antoka, ny fangaraharaha sy ny fanatsarana ny fampidirana-ketra amin'ny alalan'ny:**
 - fanovàna ny fetra fampiharana ny IR, ny IS ary ny TVA;
 - famerana ny fanesoran-ketra amin'ny hetra amin'ny vola miditra (IR) raha mahafeno fepetra, ireo vokatry azo avy amin'ny fandraisana anjara renivolan'ireo orinasa andalam-piforonana na mandalo fanovan-drafim-pitantanana;
 - nanovàna ny hetra fandoa farafahakeliny amin'ny hetra amin'ny vola miditra (IR) ho an'ireo mpanao fitanterana olona na entana an-tanety;
 - tsy maintsy hanaovana filazàna amin'ireo raharaha tsy maintsy amidy amin'ny tompony indray rehefa tonga ny fe-potoana ifanarahana;
 - fanovàna ny fototra famerana sy ny sandan'ny Hetra alaina amin'ny fandania (DA) amin'ny paraky **(+ 11.1 milliards)**;
 - ny fanovàna ny fepetra mikasika ny famerenana trosan'haba amin'ny tataom-bidy.
- **Ny fampidirana ireo fepetra enti-mamporisika ny fadoavan-ketra na tanjony ara-tsosialy:**
 - ny fampidirana ho azo esorina amin'ny hetra amin'ny vola miditra (IR) ireo trosan'haba tsy nahazo famerenana sy ireo zana-bola omena amin'ny orinasa;
 - ny fanatsarana napetraka ho an'ny fikajiana ny hetra tambatra (IS) amin'ny fampihenana ho 1 isan-jato ho amin'ny varotra vitan'ireo mpamokatra amin'ny seha-pamokarana fototra ka manana fakitiora ara-dalàna;
 - ny fanakanana ny fandoavana ireo sara sy ny tsy fanaovana ireo fombafomba amin'ny fanoratana ho an'ireo raharaha rehetra amin'ny tsy maintsy amidy amin'ny tompony indray rehefa tonga ny fe-potoana ifanarahana;
 - ny fanesorana ny TVA amin'ny saram-panofanana voalazan'ny LDI, ny hampiroboroana ny fanofanana matihanina, ary ireo ataon'ny antenimieran'ny varotra;
 - ny fanesorana ireo TVA amin'ny fanafarana sy ny fivarotana anatin'ny katsaka **(-27.072 milliards)**;
 - ny fanesorana ireo TVA amin'ny fanafarana sy fivarotana anatin'ny varim-bazaha sy ny masomboly soja (TVA varim-bazaha **-51.962 milliards – TVA amin'ny soja -0.302 milliards**);
 - ny fanovàna ny tahan'ny DA amin'ny telefaonina sy ny tambajotra amin'ny finday **(DA: -15.78 milliards sy TVA: - 3.16 milliards)**.

Ho famenoana ireo fepetra misy ankehitriny, dia natao ny fanadiovana vitsivitsy, fampanarahana toetr'andro, fanamarihana, fanoritana mazava, fandrindrana sy fampanarahana amin'ireo rijan-teny hafa.

2. FADINTSERANANA

2.1- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA:

Ny fanovàna entina amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana dia manodidina ireto tanjona manaraka ireto:

- **Fanamafisana ireo fepetra hahafahan'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny asa sahaniny, izay mikasika ny:**
 - Filazana amin'ny fomba hafa ny hevitra ny hoe " lalàna sy ny didy amam-pitsipika momba ny fadintseranana " mifandraika amin'ny asa aman'andraikitra voatokana ho an'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana (Andininy voalohany);
 - Fahafahana tsy manaiky ny fanararaotana matetika ny fampakaran-draharaha mankany amin'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana (CCED) eo anoloan'ny fisian'ny antontan-taratasy hosoka, araka ny soso-kevitra voadinika faha-10.1 anaty fifanarahana eo anivon'ny Fikambanana iraisam-pirenenana momba ny varotra (OMC) mahakasika ny sanda ara-padintseranana (Andininy 23.-8°);
 - Fametrahana sazy maharesy lahatra kokoa mahakasika ny fandikan-dalàna momba ny fitazonana sy ny fampitana ny antontan-taratasy firaketana ny tahirim-bola, sy ara-barotra ara-dalana ary marina izay ho fototry ny fanaraha-maso any aoriana. Noho izany, mba hanafainganana ny fanalana tsatoka ny entana tafiditra ao amin'ny paik'adin'ny fanamorana ny fifanakalozana, ny Fadintseranana dia tsy maintsy manamafy ny fanaraha-maso any aoriana mba hiantohana ny fanarahana ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika izay nahazoany baiko hampiharina (Andininy 53.-1°)
 - Fametrahana ny fahafahana manapotika ny entana manana toetra manokana izay tsy hahafahana manodina na manjifa na manondrana azy indray ao anatin'ny famotsiana mikasika ny sata fanodinana tsy andoavana habantseranana (Andininy 208.-4°)
 - Fametrahana ny zo fampiharana ny fifanarahana ara-padintseranana amin'ny olon-kafa mpitazona ny entana mba hanerena azy ireo hanatanteraka (Andininy 295.-5°);
 - Fanamafisana ny fiantsorohana tanteraka ny andraikitra amin'ny ady heloka ho an'ireo mpisolona tena araka ny lalana ny mpanelanelana amin'ny fadintseranana raha nisy fahadisoana nataon'ny tenany manokana (Andininy 342.-2°).
- **Fampifanarahana amin'ny toromarika voalazan'ny Fifanarahana Kyoto nasiam-panitsiana (CKR) momba ny fenitra sy ny fampiharana manaraka ireto:**
 - Fanomezana alalana ny asa fikojakoana na famerenana amin'ny laoniny ny toetran'ny entana nafarana tsy maharitra (Andininy 190.-3°),
 - Fampidirana ny feni-kevitra momba ny fanonerana mitovy ao anatin'ny sata fanatsarana ny entana nafarana (Andininy 196.-4°),
 - Ny fepetra amin'ny fampiasana ny fifamoivoizana iraisam-pirenenana ho an'ny karazana sambo afaka misitraka fanafahana habantseranana mikasika ny vokatra famatsiana (Andininy 241.-2°).
- **Fametrahana ho ara-dalàna ny fampirahana ny fepetra fanitsiana ara-barotra eo amin'ny fanafarana ny entana izay hita ao anatin'ny fifanarahana ataon'ny Fkambanana iraisam-pirenenana momba ny Varotra (OMC) mba hiarovana ny indostria nasinaly, araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana.**
- **Fanitsiana diso sy fanadiovana ny lohateny sasantsasany eo amin'ny andininy 266 bis sy 361 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadin-tseranana.**

2.2- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADIN-TSERANANA:

Ny fanovàna mikasika ny lazam-bidy amin'ny fadin-tseranana dia mikatsaka ny tanjona toy izao manaraka izao:

- Fanohanana ireo orinasa mpamokatra sakafo eto an-toerana amin'ny alalan'ny famoronana zana-tsokajy amin'ny tahan'ny haban-tseranana = 10%, mifandraika amin'ny vokatra anelanelany ho amin'ny fanamboarana vokatry azo avy amin'ny ronono, araka ny tahan'ny singa miditra anatin'ny politika momba ny lazam-bidy amin'ny fadin-tseranana nasionaly;
- Fampidirana ao anatin'ny lazam-bidy amin'ny fadin-tseranana ny fanafoanana ny haba amin'ny tataom-bidy mahakasika ny “semences de blé”, ny “blé brut” ary ny “semences de soja” araka ny fangatahana avy amin'ny Sampandraharahan'ny hetra;
- Fampandrosoana ny sehatra momba ny finday araka ny politika momba ny lazam-bidy amin'ny fadin-tseranana nasionaly amin'ny tahan'ny haban-tseranana:
 - 5% fa tsy 10% mahakasika ny entana fampitaovana (8517.12 00, 8517.61 00, 8517.62 00),
 - 20% fa tsy 10% mahakasika ny entana hojifaina (8517.11 00, 8517.18 00, 8517.69 00)

2.3- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA:

Ny fiantraikan'ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tomanana ho:

- **0.74 miliara ariary mahakasika ny famoronana ireo zana-tsokajy mikasika ny vokatry anelanelany ho amin'ny fanamboarana vokatry azo avy amin'ny ronono;**
- **0.11 miliara ariary mahakasika ny fanafahana ny haba amin'ny tataom-bidy eo amin'ny fanafarana ny “semences de blé”, “blé brut” ary ny “semences de soja”;**
- **5.3 miliara ariary mahakasika ny fampiharana ny politika nasionaly momba ny lazam-bidy amin'ny entana mahakasika ny finday.**

Izany dia maneho tsy fahampiana mitotaly 6.15 **miliara ariary**, izay **0.2%** amin'ny tanjona mikasika ny fampidirambolan'ny fadin-tseranana ho an'ny taona 2019.

B- FANDANIANA

Hisy fanatsarana misongadina izay andrasana eo amin'ny kalitaon'ny fandania amin'ny taona 2019. Araka izany ary dia hisy fitomboana marikisa 3.6 isan-jato, izany hoe 45.0% ny fampiasam-bolam-panjakana ao anatin'ny Tetibola, raha toa ka ho voatazona 21.4% ny Fandania ho an'ireo fampandehanan-draharaha ao anatin'izany. Ankoatra izay, vokatry ny ezaka hifehezana ny fandania ho an'ny karama, ny lanjan'izany ao anatin'ny Tetibola dia hihena hatraminn'ny 5.7%-n'ny HAF na eo aza ny fiakarana 11.2% ho an'ny vola natokana ho amin'izany.

Amin'ny ankapobeny, ny fanajana ireo fitsipika sy foto-kevitra voasoratra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana no hahafahana mikajy tsara ny Tetibolam-panjakana.

➤ Tontolon'ny fandania

Ho an'ny taona 2019, ny tontolon'ny fandania-bolam-panjakana dia hiompana amin'ireo lahasa laharam-pahamehana hiantohana ny fitohizan'ny raharaham-panjakana ary hametrahana ny fototra hiorenan'ny fitondram-panjakana vaovao. Araka izany fomba fijery izany dia hijanona ho singa iray lehibe ny fitandrovana ny fahalalahana ao anatin'ny tontolon'ny Tetibola amin'ny alalan'ny fampitomboana ireo vola miditra sy ny fifehezana ireo fandania-bolam-panjakana, anatin'izany ireo fandania ho an'ny mpiasam-panjakana.

Ankoatra izany, ny Fanjakana dia hanamafy hatrany ireo rafi-pamokarana. Izany fahavononana izany dia ho hita taratra amin'ny alalan'ny fanohizana ny fanamboarana ireo fotodrafitrasam-pampandrosoana samihafa izay fototra iorenan'ny fitomboan'ny Harikarena. Nefa kosa dia tsy tokony hijanona ho ambanin-javatra ireo fandania ara-tsosialy.

Na izany aza anefa dia hoheverina manokana ny mahakasika ny fitantanana ireo fampiasam-bolam-panjakana. Araka izany ary, ny fampiharana tao anatany fotoana fohy ny Paikady Nasionaly amin'ny Fitantanam-bolam-panjakana sy ny didim-panjakana mifanaraka amin'izany dia tokony hanamafy ny fizotry ny fanatanterahana ny Tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatry ny fandania. Ny fisafidianana ireo Fandaharan'asa Fampiasam-Bolam-Panjakana (FFBP) eny am-piandohana dia hohamafisina bebe kokoa ho an'ireo Andrimpanjakana sy Ministera.

Noho izany rehetra izany dia mila fahamalinana hatrany ny Fanjakana manoloana ireo tranga izay mety hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahamarinan-toerana amin'ny Harifaobe.

➤ Fandania ho an'ny Mpiasam-panjakana

Miohatra amin'ny Lalana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2018, ny fandania ho an'ny mpiasam-panjakana dia hitombo 11.3%. Izy io izay 2 350.3 miliara Ariary teo aloha dia hanjary 2 617.2 miliara Ariary. Ny Fandania ho an'ny mpiasa ho an'ny taona 2019 tokoa mantsy dia hitombo sanda eo amin'ny 11.2% ka hitentina 2407.2 miliara Ariary. Toa izany koa, Ireo Tambikarama dia hiakatra 12.8% miohatra amin'ny tamin'ny taona 2018., izay ho 210 miliara Ariary ny fitambarany.

Io fironana io dia hazavain'ny antony volahany dia ny fanitsiana ny karaman'ny mpiasa hifanaraka amin'ny fisondrotry ny vidim-piainana ho an'ireo mpiasam-panjakana iray manontolo. Manampy izany, ireo vola mbola tsy voaefa mikasika ny fandrosoana eo amin'ny sokajin'asa dia tokony hefaina ihany koa ary ho kajiana ato anatin'ity sora-bola ity.

Io fitomboana ho an'ny Fandania ho an'ny mpiasam-panjakana 2019, ankoatra izay, dia handray ihany koa ireo fanekena natao teo amin'io lafiny io. Ireo fanekena voalaza ireo dia tsy inona fa ny fampiharana ireo fepetra mifandray amin'ny toeran'asa izay mirona amin'ny fandoavana ireo Tambikarama ho an'ireo mpiasan'ny MEN, METFP ary ny Ministeran'ny Fitsarana. Ambonin'izany, ireo fandraisana ho mpiasa avy amin'ny fanomezana toeran'asa sy ny fahafahana fifaninanana hidirana ho mpiasa izay ahitana ny fandraisana mpampianatra FRAM miisa 8000 dia homanina ary hanazava io fitomboana io ihany koa.

➤ **Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha**

Manaraka ny fitomboana izay andrasana ho 10.2%, ny Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha izay niainga 1 636.2 miliara Ariary dia hanjary 1 803.0 miliara Ariary. Io fitomboana io amin'ny ankapobeny dia ho azo avy amin'ny fitomboan'ny Fandaniana ho an'ny entana sy raharaha izay kajiana ho 19.2%, izany hoe 452.0 miliara Ariary raha sandaina. Mahakasika ireo Famindram-bola sy ireo Fanampiana ara-bola dia fiakarana 6.5% no vinavinaina ho amin'izany, izany hoe hisy elanelana 70.0 miliara Ariary. Tombanana ho 1 141.0 miliara Ariary ny tetibola ivelan'ny sisa tsy voaloha efa atokana amin'izany, ka anatin'izany ny 255.0 miliara Ariary hanohanana ara-bola ny orinasa JIRAMA.

➤ **Fampiasam-bolam-panjakana**

Miohatra amin'ny LFR 2018, fitomboana teboka 1.0 amin'ny isan-jato eo amin'ny tahan'ny Fampiasam-bolam-panjakana no eritreretina ho azo amin'ny taona 2019. Io taha io araka izany dia hahatratra 8.3% izay ho vatsian'ny vola avy any ivelany amin'ny ampahany lehibe 66.6%. Ny ambiny kosa dia ho vatsian'ny vola avy ato anatin'ny, izany hoe 33.4%

Fafana fandravonana ireo sora-bola isan-tsokajiny

FANDANIANA (miliara Ariary)	LFR 2018	Poids 2018	PLF 2019	Poids 2019	Fiovan-tsanda	fiovana %
ZANA-BOLA	378.1	5.3%	416,7	5,0%	38,6	10,2%
KARAMAN'NY MPIASA	2164.3	30.4%	2407.2	28,6%	242.9	11,2%
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA (ivelan'ireo sisa tsy voaloha)	1636.2	23.0%	1803.0	21,4%	166.8	10,2%
- Tambikarama	186.0	2.6%	210.0	2,5%	24.0	12,9%
- Entana & raharaha	379.2	5.3%	452.0	5,4%	72.8	19,2%
- Famindram-bola sy raharaha	1071.0	15.0%	1141.0	13,6%	70.0	6,5%
FAMPIASAM-BOLA	2945.5	41.3%	3781.0	45,0%	835.8	28,4%
- Famatsiam-bola avy ato anatin'ny	993.5	13.9%	1263.1	15,0%	269.6	27,1%
Famatsiam-bola avy any ivelany	1952.0	27.4%	2518.2	29,9%	566.2	29,0%
Trosa	1096.0	15.4%	1533.2	18,2%	437.2	39,9%
Fanampiana	856.0	12.0%	985.0	11,7%	129.0	15,1%
FITAMABARANY	7124.1	100.0%	8408,2	100,0%	1284,1	18,0%

FITSINJARAN'NY FANDANIANA ARAKA NY FAMPIVONDRONANA ARA-TSEHATRA IREO ANDRIMPANJAKANA SY MINISTERA

Manoloana ny laharam-pahamehan'ny fampandrosoana, ny ampahany izay ho sitrahin'ireo Ministera ao anatin'ny Sehatra Fotodrafitrasa ao anatin'ny Tetibola (ivelan'ny loharanom-bola avy any ivelany sy ireo zana-bola avy amin'ny troso) dia hitombo 18.0%, Anilan'izany, ny tetibolan'ireo Ministera ao anatin'ny Sehatra sosialy dia hahitana ihany koa fiakarana eo amin'ny 15.0% ho an'ny taona 2019 mba hanalefahana ny faharefoan'ireo mponina sy hanatsarana ny foto-karena avy amin'ny isam-batan'olona eo amin'ny lafiny sosialy.

Fafana fandravonana ny fitsinjaran'ny fandania anivon'ny Tetibola Ankapobeny manaraka ny fampivondronana ara-tsehatra ireo Andrimpanjakana sy Ministera

SEHATRA (LOHARANOM-BOLA AVY ATO ANATINY TSY MISY ZANA-BOLA)	LFR 2018	LF 2019
Andrimpanjakana sy Ministera amin'ny sehatra raharaham-panjakana	57,7%	45,1%
Ireo Ministera eo amin'ny sehatra Fotodrafitrasa	6,8%	9,0%
Ireo Ministera eo amin'ny sehatra Famokarana	3,9%	4,6%
Ireo Ministera eo amin'ny sehatra Sosialy	31,7%	41,2%
Totally ankapobeny	100,0%	100,0%

- **Ireo Ministera eo amin'ny Sehatra sosialy** -

Ny fironana ny asan'ny Governemanta dia mankany amin'ny fanamafisana ny Sehatra sosialy. Ny Fahasalamana, ny Fampianarana, ny Fidiovana ary ny Fiahiana ara-tsosialy dia napetraka ho laharam-pahamehana ho an'ny firenena. Asiana tsindrim-peo ny fanatsarana ny kalitaon'ny fisitrahana ireo rafitra ho an'ny Fanabeazana sy ny Fahasalamana. Io finiavana io dia ho hita mivaingana amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo tetikasa samihafa izay mitondra fiantraikany tsara sy mivantana eo amin'ny fampihenana ny fahantrana. Ho hita amin'izany ny Tan-tsoroka ho an'ireo Tokantrano tena mahantra sy tena marefo, ny Fanabeazana ampiasana ireo fitaovana nomerika, ny Fandaharan'asa Tan-tsoroka ho an'ireo kaominina sy ireo fikambanana miorina eny amin'ny tontolo ambanivohitra, ny fanatsarana ny fampidiram-bolan'ny tokantrano tsirairay, ny Fandaharan'asa tan-tsoroka ho an'ny Fampandrosoana, ny fanamafisana ny ady atao amin'ny fizahan-tany mamoafady, ny fanarenana ireo fotodrafitrasa sosialy, sns.

Ny fibahanan'ny sehatra tsy ara-dalàna, ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra, ny tranga tsy fandehanana any an-tsekoly na ny fisitrahana amin'ny fianarana ho an'ireo zaza, ny fahakelezan'ny taham-pamokarana, ny tsy fandriam-pahalemana, sns dia mampitombo ny faharefoanan'ireto tena marefo. Ny Governemanta, amin'ny alalan'ireo tetikasa voalaza ireo, dia manome vahana ireo hetsika ho fampihenana ny fahantrana sy ny fifampitsinjovana eo amin'ny sehatra sosialy. Araka izany ; ho an'ny taona 2019, io sehatra io dia hisitraka ny ampahany 41.2%-n'ny Tetibola ankapobeny (miakatra marikisa 9.5) izay vatsian'ny vola avy ato anatin'ny.

- **Ireo Andrimpanjakana sy Ministera eo amin'ny Sehatra raharaham-panjakana** -

Ny sehatra raharaham-panjakana dia mandrakotra ireo raharaha rehetra sahanin'ny Fanjakana mifandray amin'ireo asa tsy azo afindra amin'ny tsy miankina. Izy io dia manara-maso ny fahatsaran'ny vokatra eo amin'ny seha-panjakana sy ny fahombiazan'ny fitantanana ireo rafitra mipetraka sy ireo tontolo ara-bolan'ny Fanjakana. Ho an'ny taona 2019, io sehatra io dia hisitraka ny 45.1%-n'ny Tetibola (midina marikisa 12.6) vatsian'ny loharanom-bola avy ato anatin'ny ivelan'ny zana-bola izay vinavinaina ho an'io taona io. Sampan-draharaham-panjakana maromaro no hamafisina amin'io, na eo amin'ny lafiny fahaiza-manao na eo amin'ny lafin'ny fampitaovana, ary hetsika fanatanterahana ireo politikam-panjakana sy ny fandrindrana ireo asa ataon'ny Governemanta no ho tontosaina. Ankoatra izany, ny fampandrosoana ny toekarena sy ny sosialy dia mijanona ho fanamby goavana izay neken'ny Fanjakana ho tanterahana. Araka izany, ny Governemanta dia handray ireo fepetra ho fametrahana tontolo izay mahatsara ny fandraharahana sy ny fampiasam-bola, izay hahazoana mampiroborobo ny sehatra tsy miankina sy ireo sehatra mampifandray ireo sampam-pamokarana maro, ary ireo herim-pamokarana eny ifotony. Mirazotra amin'izany, ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana mba hitazomana ny filaminana ara-tsosialy sy ny fanajana ireo fitsipika eo amin'ny fitantanam-bola dia ho hita ihany koa. Ankoatr izay, ny Ministeran'ny Fitsarana dia hanohy ny hetsika efa nataony ho an'ny Fitsarana tsy mitanila sy manakaiky ny vahoaka. Ity farany dia hanamafy ny fanatanterahana ny Paikady hiadiana amin'ny kolikoly amin'ny alalan'ny fametrahana ireo Tendro iadiana

amin'ny kolikoly. Raha jerena manokana ny momba ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana dia homena fotodrafitrasa sy fitaovana raitra kokoa ireo Ministera misahana izany.

Noho ny faharefoan'ny firenena sy ny ankamaroan'ny mponina ao aminy manoloana ireo loza maro samihafa, ny fanamafisana ireo hery enti-maitrika ireo loza eny amin'ireo Kaomina dia lalana tsy azon'ny Fanjakana iodivirana. Ireo hetsika ho an'ny Fitsinjaram-pahefana dia tokony ho tohizana ary tokony hifanaraka amin'ny tena zava-misy marina. Ny fampiasana ireo Tahiry sy ireo fanampiana dia tokony ho tanterahana araka ny tokony ho izy. Ny tanjona ho tratrarina dia ny fanamafisana ny hery enti-maitrika ireo loza sy ny fahaiza-manaon'ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana hanatrarana ny fandrosoana iaraha-misalahy sy lovain-jafy.

- **Ireo Ministera eo amin'ny Sehatra famokarana** -

Ny Tetibola omena ny sehatra famokarana dia maneho ny finavian'ny Fanjakàna mba hametraka ny fitomboan'ny vokatra misongadina eo amin'ny fambolena sy ny indostria, toa izany ihany koa ny fampiroboroana ny fizahan-tany, satria tokoa ny Sehatra famokarana dia mahahenika ny ampahany 4.6%-ny fitambaran'ny Tetibola (miakatra marikisa 0.7) vatsian'ny vola avy ato anatin'ny ivelan'ny zana-bola.

Ao anatin'ny fiandrasana ny fitomboan'ny vokatra eo amin'ny sehatra fambolena, ny Governemanta dia hametraka ho laharam-pahamehana ny fanarenana ireo fotodrafitrasam-pambolena, ny fanalana amin'ny fitokana-monina ireo faritra eny ambanivohitra sy ny fanitarana ireo tambazotran-dalana. Ambonin'izany, ny fisitrahana ireo tantsaha ireo akora rehetra ilaina amin'ny asa fambolena dia hamafisina mba hampitomboana ny vokatra azo isaky ny velaran-tany voavoly. Momba ny fampitomboana ny vokatra avy amin'ny Indostria, izy io dia ho marihan'ny fampiasam-bola eo amin'ny sehatra angovo sy ny fanamafisana ny lalàna sy ireo rafitra mahatsara ny tontolon'ny fampiasam-bola izay voarakitra ao anaty lisitra misy vinavina maro amin'ny taona 2019, toy ny fanatsarana ny lasitra mifehy ny antontan'isa mirakitra ny asa ataon'ny MIDSP (kaoperativa, PMI/PME, indostria,...), ny famerenana ny fandinihana ireo andinin-dalàna izay mifehy ny fiaraha-miasan'ny Fanjakàna amin'ny tsy miankina izay ombain'ny fanohizana ny fametrahana ny komitimparitra DPP eny amin'ireo Faritra, ny fametrahana ny paikadim-pirenena ho fampiroboroana ireo Kaoperativa, ny fametrahana ny Sampam-pandraharahana nasionaly ho fampiroboana ny indostria (ANDI), ary ny fametrahana ny Tahirim-pirenena ho an'ny fampandrosoana ny Indostria, sns.

Eny anivon'ny sehatra ala, Madagasikara dia hametraka ho fomba amam-panao ny fametrahana ny fanatsarana ny fitantanana sy ny fiarovana ny voahary ho andraikity ny olom-pirenena. Ny ady atao amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fandranganana ny ala dia hamafisina amin'ny fametrahana tetikasa mifandray amin'izany. Mahakasika ny sehatra jono, Tetikasa lehibe mifandray amin'ny fiarovana ireo harena an-dranomasina sy ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo vondron'olona marefo misehatra ao anatin'ny jono no kasaina atao. Ireo tetikasa ireo dia mikendry ny fampitomboana ireo asa ao anatin'io sehatra io, ny fanatsarana ny fiarovana ny fanjarian-tsakafy eny ifotony ary fampitomboana ireo akora ilaina ahafahan'ireo mpanjono mivelona.

Eo amin'ny sehatra fizahan-tany, ny Governemanta malagasy dia hanohy ireo ezaka hahatonga ito farany ho loharano manan-danja iavian'ny vola vahiny. Ny fanamorana ny fampiasam-bola amin'ireo trano fandraisam-bahiny sy ny sehatra fizahan-tany ary ny fanabeazam-boho ny tombony ananana eo amin'ny fifaninanana eo amin'ireo mpandraharaha eo amin'ny sehatra fandraisam-bahiny sy ny tolotra ho an'ny fizahan-tany no fanamby lehibe ho tanterahana hanatrarana izany. Ny fanarenana sy ny fampanarahana toetr'andro ireo fotodrafitrasa eo amin'ny sehatra fitaterana toy ny seranam-piaramanidina Ivato dia handray anjara amin'ny fampiroboroana ny fizahan-tany sy ny famoronana ireo asa mivantana sy tsy mivantana. Ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana indrindra eo amin'ireo faritra manan-danja ho an'ny fizahan-tany sy ny fanamorana ny fitsidihana ireny toerana ireny dia mijanona ho fanamby goavana ho tanterahana ao anatin'io sehatra io.

Farany, ny sehatra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, izay sokajiana ho sehatra mpampidi-bola ho an'i Madagasikara dia hitrandraka ireo zava-bita tamin'ny taona 2018 ka hahatonga azy ho fanovo ho an'ny fitomboan'ny harikarena sy ny fampandrosoana. Ny Governemanta dia manantena ny fanohizana ny fametrahana ny tontolon'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tsara tantana mba hahazoan'ny fitrandrahana ireo harena mitondra tombony ho an'ny firenena. Ny fampidirana eo amin'ny sehatra ara-dalàna sy matihanina ireo mpitrandraka madinika no miantoka ny fampitomboana ny vokatra eo amin'io sehatra io.

- **Ireo Ministera eo amin'ny Sehatra fotodrafitrasa** -

Ireo Ministera mahakasika io sehatra io dia hahazo 9.0%-n'ny Tetibola (ivelan'ny zanabola, miakatra marikisa 2.2) ho an'ny taona 2019. Ny sehatra fotodrafitrasa dia hifototra amin'ny fanatanterahana ireo asa vaventy, ny fanajariana ny tany, ny fitaterana, ny fifandraisan-davitra, ny angovo, ny rano sy ny fidiavana. Ny vokatra andrasan'ireny fampiasam-bola ireny dia ny fanalàna amin'ny fitokana-monina ireo faritra manana lanja ara-toekarena misongadina sy ny fampifandraisana azy ireny amin'ny tambazotra-mpivezivezena, izay manamora araka izany ny fahatongavana sy ny fitaterana ireo vokatra avy ato anatin'ny amin'ireo tsena. Ireo tetikasa voakasik'izany ho an'ny taona 2019 dia ny fandrakofana tara ireo lalam-pirenena RN5A mampitohy an' Ambilobe sy Vohémar, ireo asa famerenana amin'ny laoniny ny RNS5 mampitohy an'i Mananara - Avaratra sy Maroantsetra, ireo asa fanarenana ny tetezan'i Mangoro, Antsapazana ary Antsirinala, ny tetikasa fanarenana ny RN 3B Amborimambara (KRN 5/5A Andapa).

Amin'ny sehatra fananan-tany sy ny fanajariana ny tany, ireo ezaka natao teo amin'ny lafiny fampanarahana toetr'andro sy fampiasana solosaina eny amin'ireo sampan-draharaha miisahana ny fananan-tany dia hitohy amin'ity taona ity. Ny fikirakirana ireo antontan-taratasy araka izany dia hotsorina mba hanafainganana ny fanomezana Titra ireo tany. Izany dia harahin'ny tetikasa vaovao hetsika faobe ho fanomezana titra ireo tany.

Ankoatra izany, ny fitadiavana hatrany ny fitomboana maharitra eo amin'ny harikarena io dia hampiditra ao anatin'ireo tetikasa ny tombony azo avy amin'ny fikajiana ny lafiny tontolo iainana ka anatin'izany ny fikajiana ireo faritra arovana.

Mifanindran-dalana amin'izany, ireo fanorenana fotodrafitrasa goavana, toy ireo tobim-piantsonana roa lehibe eto an-drenivohitra sy ny tetikasa fanitarana ny seranam-piaramanidina Ivato dia hitondra vokatra tsara indrindra eo amin'ny lafiny fizahan-tany sy ny fanamorana ny fikarohana ireo fampiasam-bola vaovao.

Fafana fandravonana ny fitsinjaran'ny FFBP isan-tsehatra

(misy ny findramam-bolam-panjakana hafa na AAEP)

SEHATRA	ANARAN'NY SEHATRA	LFR 2018			LF 2019		
		IVELANY	ANATINY	TOTALINY	IVELANY	ANATINY	TOTALINY
A	FAMOKARANA	13,8%	3,8%	17,6%	13,6%	3,1%	16,7%
B	FOTODRAFITRASA	33,6%	8,5%	42,1%	35,9%	8,7%	44,6%
C	SOSIALY	11,8%	8,4%	20,2%	12,4%	8,6%	20,9%
D	RAHARAHAM-PANJAKANA	7,0%	13,0%	20,0%	4,7%	13,0%	17,7%
	TOTALINY	66,3%	33,7%	100,0%	66,6%	33,4%	100,0%

C- NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Raha oharina amin'ny lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana 2018 dia hitombo 3.8% ny fandoavana ny trosam-panjakana ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2019. Hitentina 374.7 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina amin'ny 2019 ka 244.7 miliara Ariary amin'izany no renivola ary mitotaly 130 miliara Ariary kosa ny zanabola.

TROSA ANATINY

Ny fandaniana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatin'ny ho an'ny taona 2019, izay ahitana ny zanabola aloa amin'ny "Bons du Trésor" sy ny vola ampindramin'ny Banky Foibe ary ireo zanabola samihafa dia tomanana ho 286.7 miliara Ariary. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 10%.

D- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Raha ny mahakasika ny kaonty manokan'ny tahirimbolam-panjakana dia ny kaontin'ny fampindramam-bola dia ahitana indrindra indrindra ny fampindramam-bola avy amin'ny Fanjakana ny orin'asa SPAT ho fanitarana ny seranan-tsambon'ny Toamasina izay mitentina 111.0 miliara Ariary.

Ny vola miditra sy ny vola mivoaka amin'ny kaontin'ny varotra dia hifandanja ho 765.9 miliara Ariary ka ny 665.0 miliara Ariary dia mahakasika ny tahiry fandoavam-bolan'ny fisotroandronono,

Ankoatra izay, ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakana amin'ny fampiakarana ny petrabolany amin'ireo orinasam-panjakana eto an-toerana sy ny fandraisana anjara ataony amin'ireo vondrona iraisam-pirenena any ivelany dia ahatra 199.4 miliara Ariary, ao anatin'izay ny fandraisana an-tanana ny fatiantoky ny Banky Foibe mitentina 81.5 miliara Ariary.

E- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 1.5 miliara Ariary.

F- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ny fanetsemana ny fatiantoka anatin'ny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatra 2 549.1 miliara Ariary ny vola handrainy hiditra raha toa ka ny vola ho averina eo anatrehan'izany dia 2 441.0 miliara. Noho izany dia hitombo 108.1 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2019.

Ankoatr'izay ny Tahirimbolam-panjakana dia afaka manao avansy amin'ny Banky Foibe araka ny fetra voalaza ao amin'ny fitsipiky ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Raha ny momba ny avy any ivelany indray dia ahatra 1533.2 miliara Ariary ny fanampiana avy amin'ireo mpiara miombon'antoka amin'ny alalan'ny fampindramam-bola hamatsiana tetikasa, ary ny vola ho azo amin'ny famatsiana ny tetibola, miendrika fanampiana dia hotombanana ho 594.0 miliara Ariary ho an'ny taona 2019.

Toy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

**HITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2018-001
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2019**



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

HITSIVOLANA LAHARANA FAHA 2018-001 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2019



NY FILOHAN'NY REPOBLIKA MPISOLO TOERANA,

- Araka ny Lalàmpanorenana;
- Araka ny Fanapahana laharana faha-30-HCC/D3 tamin'ny 07 septambra 2018, manamarina ny fahabangan-toeran'ny Filohan'ny Repoblika ary manendry ny filohan'ny Antenimieran-doholona ho Filohan'ny Repoblika Mpisolo Toerana;
- Araka ny Fanapahana laharana faha-33-HCC/D3 tamin'ny 24 desambra 2018 avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
- Teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 17 desambra 2018,

**DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY HITSIVOLANA IZAY
TOY IZAO MANARAKA IZAO NY ANDININDININY :**

I – FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2019.

ANDININY FAHA-2

Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao:

**BOKY I
HETRAM-PANJAKANA
FIZARANA I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY
LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA
ZANADOHATENY I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY I
VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA**

- **Andininy 01.01.02.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

“Raha tsy mifanohitra amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena, amin'ny firenena roa na maromaro, dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra ny raharaha rehetra na inona karazany natao teto Madagasikara ho an'ireo olon-tsotra na fikambanana manana toeram-piasana raikitra na tsia afatsy ireo nahazo

fanafonana-ketra mazava voalazan'ity fehezan-dalàna ity, ary tsy iharan'ny IRSA ka manana vola maty sy/na miditra mihoatra na mira Ariary 200.000.000 na ireo nisafidy ny fameran-ketra tena izy.

Io safidy io dia omena aorian'ny fangatahana halefa any amin'ny sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasin-ketra.”

SOKAJY II VOLA MIDITRA TSY VOAN'NY HETRA

- Andininy 01.01.03.-

Ovàna ny rijan-tenin'ny 4° amin'ity andininy ity:

“4° - Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika, ny vokatra sy ny tombon-tsanda avy amin'ny fivarotana petra-bola na anjara vola sosialy eo ampelatanan'ny sosaiety (par actions) fehezin'ny lalàna Malagasy izay manana indrindra ho fenitra trararin'ny fandraisana anjara kely amin'ny renivola-pikambanan'ny orinasa andalam-piforonana na efa misy eo ampanovàna rafitra.”

Ovàna ny rijan-tenin'ny 5° amin'ity andininy ity:

“5° - Ny vola azon'ireo fikambanana ara-pinoana, ny fiangonana izay nitsangana araka ny fepetra voalazan'ny Hitsivolana laharana faha 62-117 tamin'ny 1 oktobra 1962, azon'ireo fikambanana ekena ho mahasoana ny besinimaro araka ny didim-panjakana sy ny antokon-draharaha mitovy aminy tsy ampiasaina afa-tsy amin'ny famatsiam-bola ireo asa manana endrika fanabeazana ara-kolotoraly, ara-tsosialy na fanampiana ho amin'ny fampandrosoana ara-toekarena.

Na izany aza, ny fanafahana ara-ketra dia tsy mihatra amin'ireo vola miditra azo avy amin'ny toeram-pivarotana entana na raharaha iandreketan'ireo sampan'asa sy fikambanana voalaza etsy ambony;”

Ovàna ny rijan-tenin'ny 6° amin'ity andininy ity:

“6° - Ny vola azon'ireo antokon-draharaha na fikambanana tsy manana tanjona ahazoam-bola izay manana tarigetra manokana amin'ny fampandrosoana ny orinasa madinika sy salatsalany (PME);

Mba ahazoana ny fanafahana ara-ketra, ireo antokon-draharaha sy fikambanana voalaza ao amin'ny paragirafy 5° sy 6° eo ambony dia tsy maintsy manaja ireto fepetra ireto:

- ny fitantanana tsy ahazoana tombony: ny tombony mety ho azo dia tsy zaraina mivantana na ankolaka amin'ny mpikambana;**
- ny fandraharahana tsy natao ho amin'ny fifaninana: ny saran'ny saikin'asa natao ho fampidiram-bola dia tena latsaka ambany mihoatra amin'izay ampiharin'ireo toeram-piasana hafa manao izany asa izany.**

Ireo antokon-draharaha sy fikambanana voalaza etsy ambony dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny biraon'ny hetra mifehy ny toerana amin'ny faran'ny taom-piasana ny tatitra amin'ny zava-bita sy ny filazana toe-bola momba ny asa vita;”

TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HETRA

- Andininy 01.01.10.

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ny 4° amin'ity andininy ity:

“Ny zanabola naloa tamin'ny hafa. Na izany aza anefa, mahakasika ny zanabola nomena ny mpiombon'antoka avy amin'ny vola narotsany tao amin'ny kitapom-bola iraisana ambonin'izay anjarany ao amin'ny renivola, raha toa ka efa voarotsaka avokoa ny renivola, ny zanabola azo esorina

dia ferana amin'izay mifanaraka amin'ny vola nampindramina tsy mihoatry ny indroan'ny renivola araka ny taha izay tsy tokony hihoatra an'ny Banky Foiben'i Madagasikara tataovana isa roa."

Ampiana 18° izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

"18° - Ny trosan-kaba amin'ny tataom-bidy izay ekena ampidirina ho fandania amin'ny faran'ny taom-piasana araka ny voalazan'ny andininy 06.01.23. paragirafy faha 2 ary koa ny voalazan'ny andininy 06.01.24. paragirafy faha 6 ho an'ireo zo amin'ny femerenana trosan-kaba maty paik'andro na nolavina ary raha toa ka ny fandania niavian'izany trosa izany dia manaja ny fepetry ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity."

TOKO VI FOMBA FAMERANA NY HETRA

- **Andininy 01.01.13**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faharoa amin'ny I amin'ity andininy ity:

"Ho an'ireo olona manana vola maty sy/na miditra mihoatra na mira Ariary 200.000.000 na nisafidy ny fameran-ketra tena izy, na firy na firy ny vola maty sy/na vola niditra, ny fomba hamerana ny hetra dia araka ny vokatra tena izy."

TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA

- **Andininy 01.01.14**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-7 sy 8 amin'ny I amin'ity andininy ity:

"Na inona na inona tranga, ny hetra kajiana amin'io taom-piasana io dia tsy tokony ho latsak'izay hetra farany ambany voafaritra manaraka ireto:

- **Ar 100 000, tataovana 5 isan'arivon'ny vola maty afak'haba tamin'ny taom-piasana ho an'ireo mpandraharaha miasa amin'ny sehatry ny fambolena, taozavatra, indostria, harena ankibon'ny tany, trano fandraisam-bahiny, fizahan-tany na fitaterana;**
- **Ar 320 000, tataovana 5 isan'arivon'ny vola maty afak'haba tamin'ny taom-piasana ho an'ireo orinasa hafa.**

Na izany aza, io hetra farany ambany io dia 1 isan'arivon'ny vola maty afak'haba tamin'ny taom-piasan'ireo mpivarotra solika atsinjarany.

Ho an'ireo mpanao asa fitaterana an-tanety olona sy entana, io hetra farany ambany io dia faritan'ny didy amam-pitsipika."

TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

- **Andininy 01.01.21**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

"Ny orinasa izay mahazo fidiram-bola avy amin'ny fananan-tany, avy amin'ny asa fitanterana sy ireo avy amin'ny raharaha mahatihanina dia tsy maintsy manao isaky ny faran'ny taom-piasana taratasy sy filazana miavaka amin'ireo fidiram-bola ireo. Ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia faritan'ny didy amam-pitsipika."

**LOHATENY II
HETRA TAMBATRA
TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY I
OLONA VOAN'NY HETRA**

- **Andininy 01.02.02**

Ovàna ho “**Ar 200 000 000**” ny vondron-teny “**Ar 100 000 000**” ao amin'ny I amin'ity andininy ity:

**TOKO III
FOTOTRA HAMERANA NY HETRA**

- **Andininy 01.02.05**

Ampiana tsipika farany mirija toy izao amin'ny faran'ny 2° amin'ity andininy ity:

“ - Ny mpivarotra madinika ”

**SOKAJY II
FIKAJIANA NY HETRA**

- **Andininy 01.02.05 bis.-**

Ampidirana paragirafy faha 2 mirija toy izao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ho an'ny mpamokatra any ifotony toy ny mpamboly, mpiompy, mpanjono, mpitrandraka harena ankibon'ny tany sy ala, ny fampihenana-ketra 1 isan-jato dia ampiharina amin'ny vola azo tamin'ny varotra izay misy fakitiora manaraka ny fepetry ny andininy 20.06.18 na taratasy mahasolo izany manamarina ny varotra nataony ho fampiharana ny fepetry ny andininy 01.01.21 andalana faha 2 amin'ity Fehezan-dalàna ity.”

**TOKO IV
FAMORIAN-KETRA**

- **Andininy 01.02.06**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

“ Ny hetra tambatr'ireo mpandoa hetra ao anatin'ny taona hitsahina dia iharan'ny fakàna mialoha izay kajiana amin'ny alalan'ny hetra tsy maintsy naloa tamin'ny taona lasa. Na izany aza, raha toa ka nisy ny fampidinana fameran-ketra, ireo fakàna mialoha ireo dia kajiana amin'ny alalan'ny vola maty farany ho an'ireo olona izay tsy nahazo vola afa-tsy tamin'ny fampanofana trano.

Ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

**TOKO V
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

- **Andininy 01.02.07**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Ny olona iharan’ny hetra tambatra dia tokony:

- mitazona ny firaketana isan’andro ny vola miditra sy ny fandaniana raha toa ka latsaky ny Ar 100 000 000 ny vola matiny ;

- mitazona ny fitanan-kaonty manaraka ny rafitra tsotra indrindra mifanaraka amin’ny drafi-pitanan-kaonty 2005 napetraky ny Didim-panjakana laharana 2004-272 tamin’ny 18 febroary 2004 raha toa ka eo anelanelan’ny Ar 100 000 000 sy Ar 200 000 000 ny vola matiny.

Afaka misafidy ho amin’ny fitanan-kaonty isaky ny taom-piasana izy ireo na eo aza ireo fepetra voalaza etsy ambony.”

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny paragirafy faha 4 amin’ity andininy ity:

“Ny orinasa mahafeno ny fepetra voalazan’ny andininy 01.02.01 etsy ambony izay mahazo fidiram-bola avy amin’ny hofan-trano na hofan-tany, avy amin’ny asa fitanterana sy ireo avy amin’ny raharaha mahatihanina dia tsy maintsy manao isaky ny faran’ny taom-piasana taratasy sy filazana miavaka amin’ireo fidiram-bola ireo. Ny fampiharana ny hetra amin’ireo fidiram-bola ireo dia atao miavaka.”

- Andininy 01.02.08 bis.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

“Ny olona iharan’ny hetra tambatra izay nahatsapa fa ny vola matiny ao anatin’ny taom-piasana itsahana dia mety hihoatra ny Ar 200 000 000 dia tsy maintsy mametraka filazana ny fiovan’ny fameran-ketra eny amin’ny sampandraharaha mitantana ny antontan-taratasin-ketrany mialoha ny fikatonan’ny taom-piasanany. Io fiovan’ny fameran-ketra io dia mihatra avy hatrany amin’ny fiatombohan’ny taom-piasana manaraka mikasika ny zo aman’andraikitra mifandraika amin’izany.”

LOHATENY IV

HETRA AMIN’NY ALAINA AMIN’NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN’NY FANANANA MITERA-BOLA, HETRA AMIN’NY ZANA-BOLA SY NY ZANA-TOMBONY (IRCM)

TOKO II

C- FOMBA FAMORIAN-KETRA

I - Famerana ny vola miditra na tambiny

- Andininy 01.04.05

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny 1° amin’ity andininy ity:

“1° ho an’ny taratasim-bola notrosaina na fisamboram-bola, amin’ny alalan’ny zana-bola na ny vola miditra voatsinjara;”

IV – Fomba fandoavan-ketra

- Andininy 01.04.09

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny A- amin’ity andininy ity:

“A- Ny hetra dia aloa amin’ny alalan’ny fametrahana filazana any amin’ny ivon-ketra mahefa ara-paritra farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nanaovana ny fizaràna.”

FIZARANA II

SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO

TOKO I

SEHATRA HAMPIHARANA AZY SY FEPETRA ANKAPOBENY

Ankapoben-javatra

- **Andininy 02.01.04.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny amin'ity andininy ity:

“Ny sarany raikitra dia ampiharina amin’ny sora-panekena tsy misy fifindran-tompo, na fizakam-bokatra na fahazakana ny fanaka na fanana mifaka , na tondra ho amin’ny fanambadiana na tondra ho an’ny sosaety, na fizarana fananana ary amin’ny ankapobeny , ho an’ny taratasy hafa rehetra , na dia tsy tokony ho soratana aza , kanefa naseho an-tsitrapo araka ny fomba arahina raha tsy misy ny fepetra mifanohitra amin ‘izay voalazan ‘ity Fehezan-dalana ity.”

- **Andininy 02.01.05.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

“Ny sara amin’ny isan-jato dia natao ho an’ny famindran-tompo na fizakam-bokatra, na fahazakana ny fanaka, amin’ny samy velona ary koa ireo sora-panekena milaza tondra ho an’ny fanambadiana, tondra ho an’ny sosaety, fizarana fanaka na fananana mifaka raha tsy misy ny fepetra mifanohitra amin ‘izay voalazan ‘ity Fehezan-dalana ity.”

Sora-panekena an’ny Fanjakana, tena izy, voamarina ary natao an-trano

- **Andininy 02.01.11.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny 5° ao amin’ny III amin’ity andininy ity :

“5° Ny sora-panekena misy famindram-pisitrahana amin’ny fanaka ho an’ny orinasa raha toa ka ny mpampanofa dia olona tsy manana laharam-pamantarana ara-ketra sy ny famindram-pisitrahana ho an’ny fananana mifaka;”

**TOKO II
SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA
SOKAJY II
SARANY RAIKITRA**

- **Andininy 02.02.03.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny 6- ao amin’ity andininy ity :

“6-Ny sora-panekena misy famindram-pisitrahana amin’ny fanaka ho an’ny orinasa afatsy izay voalaza ao amin’ny andininy 02.02.12-I-2°;”

Aorian’ny 6- amin’ity andininy ity dia ampiana 7- izay mirija toy izao :

“7- Amin’ny ankapobeny dia ireo sora-panekena na fifanarahana ka tsy voalaza ao amin’ity fehezan-dalana ity ny sandany sy tsy voafetra ny fe-potoana hanoratana azy na koa ireo izay natao an-tsitrapo ny fanoratana azy.

Ho an’ireo fitanisana ny fanaka sy ny entana mifandraika aminy, ny sora-pizakana sy taratasy dia handoavana sarany isaky ny fisahanan-draharaha. Na izany aza, ny fitanisam-pananana natao aorian’ny faha-bankirompitra dia ny sara raikitra no ampiharina na firy na firy isan’ny fananana tsy fantatra tompo.”

**SOKAJY IV
FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY
SORA-PANEKENA NA FAMINDRAM-PANANANA VOAN’NY HABA
Fifanaraham-panofana**

- **Andininy 02.02.12.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny 2° ao amin'ny I amin'ity andininy ity :

“2° 2 isan-jato ho an'ny fampanofana ny tokotanim-barotra, ny sambo sy fiaramanidina ary koa ireo fifanaraham-panofana fananana mifaka ampiasaina amin'ny zavatra hafa ankoatra ny voalaza ao amin'ny andalana teo aloha.

Ireo fifanaraham-panofana momba ny fananam-panjakana sy ireo Vondrom-bahoaka Itsijaram-pahefana dia mandoa haba sy tatao mitovy amin'ny etsy ambony.

Ho an'ny fifaraham-panofana ny fananana mifaka izay sady hipetrahana no hanaovana zavatra hafa dia 2 isan-jato no taha hamerana ny hetra raha tsy hoe angaha misy vidiny manokana voalaza ny faritra atao trano fonenana ary ny fitsinjarana ny efitra araka ny ampiasana azy avy dia voafaritra ao anatin'ny fifanarahana.”

Fivarotana na fanekena hafa misy setriny

Famindran- tanana fanana-manaraka sy fanaka

- **Andininy 02.02.43.-**

Ampiana andalana roa mirija toy izao ao amin'ny 2° amin'ity andininy ity :

“Na izany aza, ireo sora-pizakana ekena amin'ny raharaha tsy maintsy amidy amin'ny tompony indray rehefa tonga ny fe-potoana ifanarahana dia afahana amin'ny fombafomba sy ny sara-panoratana.

Ao anatin'ny fe-potoana roa volana araka ny voafaritry ny fepetry ny andininy 02.01.11.III.4°, dia atao ny filazana fifarahana amin'ny raharaha tsy maintsy amidy amin'ny tompony indray rehefa tonga ny fe-potoana ifanarahana voamarina sy hita soritra eo anivon'ny antokon-draharaha mitazona izany ary tsy maintsy hapetraka ao amin'ny Foibem-pitondrana miandraikitra ireo orinasa vaventy. Io filazana io dia tokony ahitana ny mombamomba rehetra ilaina amin'ny fifanarahana, indrindra ny isan'ny sora-pizakana izay nanaovana ny raharaha tsy maintsy amidy amin'ny tompony indray rehefa tonga ny fe-potoana ifanarahana, ny fahamatoran'ny sora-pizakana, ny vidiny hivarotana, ny datin'ny nivarotana sy ny namerenana, ny antony, ny mombamomba ny mpivarotra sy ny tompony teo aloha ary koa ny filazalazana manan-danja momba ireo sora-pizakana ekena.”

FIZARANA III

HETRA TSY MIVANTANA

LOHATENY I

HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANINA (DA)

TOKO III

FOMBA FAMERANA NY HETRA

- **Andininy 03.01.04.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

- ***“Ny fototra hamerana ny haba amin'ny vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana dia:***

- ***ireo vokatra afarana, ny sanda CAF n'ny entana tataovana haban-tseranana.***
- ***Amin'ireo vokatra eto an-toerana, ny sandam-pamokarana tataovan'ny tombony ara-panodinam-bokatra. Araka izany, ho an'ny vokatra iray, ny vidiny marina ampiharina eo***

amin'ny toerana namokarana azy izay tsy azo atao latsaky ny lany amin'ny famokarana tataovana ny tombom-barotra.

- *Amin'ireo saikin'asa, ny mason-karena tataovan'ny tombom-barotra;*

- *Amin'ireo sigara novokarina teto an-toerana, ny sandam-pamokarana tataovan'ny tombony ara-panodinam-bokatra sy ny tombony amin'ny fitsijarana. Araka izany, ho an'ny sigara iray, ny vidiny marina ampiharina eo amin'ny mpaninjara izay tsy azo atao latsaky ny lany amin'ny famokarana tataovana ny tombom-barotra sy ny tombom-barotry ny mpaninjara.*

Ny sigara dia iharan'ny fameran-ketra mitambatra amin'ny taha sy sanda manokana. Ny sanda manokana dia ferana isaky ny fonosana misy sigara 20.

Ampiharina ny fampidinana 2 isan-jato eo amin'ny vidiny eny amin'ny toeram-pamokarana ho an'ny sigara izay ny 70,0%-n'ny lanjany na mihoatra dia ravi-paraky novokarina teto Madagasikara,

Ireo taha sy sandan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia voalazan'ny tabilao ao amin'ny tovana.”

TOKO IV

FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA NA FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY NY FANAFARANA NY VOKATRA IHARAN'NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANDANIANA

SOKAJY II

FANDRINDRANA NY TOERAM-PAMOKARANA, NY FITAOVAM-PIOTAZANA NA NY FAMOKARANA

I- Fandrindrana ny toeram-pamokarana

- **Andininy 03.01.14.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

“Raha ilaina ny fanatrehana tsy ankiato ataon'ny mpiasan'ny hetra iray na maro noho ny halehiben'ny famokarana na fanamboarana dia takiana amin'ny mpamokatra na ny mpanamboatra ny fanomezana trano fonenana misy efitra efatra farafahakeliny (efitra fandraisam-bahiny iray, efitrano roa, birao iray) miaraka amin'ny trano fanampiny (efitrano fidiovana, lakozia, fanasana lamba, lava-piringa) izay atao trano fonenana sy biraon'ny lehiben'ny fanaraha-maso ny orinasa.”

Foronina paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“ Ho an'ny asa fanaraha-maso atao ankoatra ny ora fiasana mahazatra, ny orinasa dia tsy maintsy mandoa tamin-karama ho an'ireo mpanara-maso ireo ka ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia voafaritry ny Fanapahan'ny Tale jeneralin'ny hetra.”

TOVANA

TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANDANIANA

Ovàna toy izao ireo an-dalana mifanaraka amin'ny Code SH 24.02:

24 02		Cigares (y compris ceux à bouts coupés), cigarillos et cigarettes, en tabac ou en succédanés de tabac	Par paquet de 20	
	10 00	- Cigares (y compris ceux à bouts coupés) et cigarillos, contenant du tabac.	Ar 800 + 33%	Ar 800 + 33%
	20 00	- Cigarettes contenant du tabac	Ar 800 + 33%	Ar 800 + 33%
30 00	- Autres	Ar 800 + 33%	Ar 800 + 33%	

Ovàna toy izao ny an-dalana farany amin'ity tabilao ity:

		DESIGNATION DES PRODUITS		
		Communication nationale et internationale par téléphonie et réseaux mobiles incluant Internet, trafic voix, trafic sms ou mms et transfert de données	8%	8%

**FIZARANA VI
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)**

**LOHATENY VOALOHANY
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)**

**TOKO I
FOTO-KEVITRA**

**SOKAJY II
OLONA SY ORINASA VOAN'NY HETRA**

Andininy 06.01.04

Ovàna ho “**Ar 200 000 000**” ny vondron-teny “**Ar 100 000 000**” ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

Ampidirana paragirafy izay mirija toy izao, mialoha ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

“ Na izany aza, ny olon-tsotra nanao vola maty latsaky ny Ar 200 000 000 isan-taona izay nisafidy ny fameran-ketra tena izy dia iharan'ny TVA.

Io safidy io dia omena aorian'ny fangatahana halefa any amin'ny sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasin-ketra.”

**SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHANA TSY VOAN'NY HABA**

Andininy 06.01.06

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 13° amin'ity andininy ity:

“13° Ny fanafarana sy fivarotana ny kojakoja ilaina amin'ny fambolena irery ihany;

Ny fanafarana sy fivarotana ovy fanao masomboly, vaovao na nandalo fampangatsiahana, katsaka, varimbazaha, soza fanao masomboly.”

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 21° amin'ity andininy ity:

“21° Ny fivarotana katsaka; ny fanafarana sy fivarotana varim-bazaha, vary sy akotry;”

Ampidirana 27° mirija toy izao mialoha ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:

“27° a- Ny sara-panofanana ho fapandrosoana ny fanofanana matihanina izay zakain'ny kitapom-bolam-pitantanana omen'ny Minisitery misahana ny fampianarana ara-tekhnika sy ny Fanofanana matihanina;

b- Ny sara-panofanana nampiasan'ny Antokon-draharaham-pirenena ho Fampandrosoana ny Indostria ho an'ireo raharaha ataony hampandroso ny fampianarana asa araka ny lalàna mifehy ny indostria.

c- Ny saran'ny fanofanana nokarakarain'ny Antenimieran'ny Varotra entina hampivoarana ny asan'ireo mpikambana ao aminy.”

TOKO IX FOMBA FANESORA-KABA

Andininy 06.01.23

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ Raha toa ka ny fanesora-kaba voalazan'ny andininy 06.01.17 etsy aloha dia mihoatra ny haba tokony naloa noho ireo raharaha vita nandritra ny vanim-potoana iray, ny elanelan'izany dia raisina ho trosan-kaba izay azo bataina ho amin'ny fetrandro amin'ny volana manaraka.

Ho an'ireo orinasa manao asa iharan'ny haba sy tsy iharany, ny trosan-kaba azo bataina tsy lany amin'ny faran'ny taom-piasana dia azo hampidirina ho fandaniana.

Afa tsy ireo tranga voafaritry ny andininy 06.01.24, ny trosan-kaba dia tsy azo takiana any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana.”

TOKO X FAMERENANA NY TROSA-KABA

Andininy 06.01.24

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ Ireo orinasa tafiditra amin'ny satan'ny Faritra afak'haba, ireo matihanina amin'ny fanondranana, ireo mpampitrosa zary fanofàna nahazo alalana ary ny orinasa rehetra iharan'ny TVA manao fampiasam-bola dia afaka mangataka ny famerenana ny trosan-kaba izay voasoratra tamin'ny filazàna isambanim-potoana ny TVA. Ny fombafomba sy ny famerana ny trosa azo averina ho an'ireo orinasa izay nanao fampiasam-bola dia ho faritan'ny fanapaha avoakan'ny Minisitry miandraikitra ny didy amampitsipika momba ny hetra.”

Ho an'ny fanondranana, ny trosa-kaba azo averina dia kajiana araka ny tahan'ny vola maty amin'ny fanondranana sy ny vola maty iharan'ny hetra tamin'ny taom-piasana teo aloha.

Io taha io dia maneho ny ampahany averina vonjimaika izay ferana tanteraka amin'ny alalan'ny tena vola maty natao nandritra ny taom-piasana ary faranana alohan'ny fetrandro fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra isaky ny taom-piasana.

Ny vola maty amin'ny fanondranana dia ireo azo avy amin'ny varotra any ivelany na ny varotra entana na saikina novokarina miainga avy eto Madagasikara. Na inona na inona tranga, ireo varotra ireo dia tsy maintsy manaraka ny fepetra takiana amin'ny fanondranana, indrindra indrindra ny andraikitra

amin'ny fampodiana ny vola vahiny na ireo fombafomba mitovy amin'izany. Ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

Ny fangatahana ny famerenana ny trosan-kaba dia tsy maintsy atao araka ny fepetry ny didy amam-pitsipika manankery ka apetraka miaraka amin'ny filazàna isam-banim-potoan'ny TVA.

Ny trosan-kaba amin'ny TVA izay tsy nanaovana fangatahana famerenana tao anatin'ny telo volana manaraka ny fetrandro dia tsy azo anaovana famerenana intsony fa azo hampidirina ho fandaniana kosa. Torak'izany koa ho an'ny trosan-kaba amin'ny haba amin'ny tataom-bidy nolavina tanteraka ny famerenana azy. Ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny fanapahan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika."

Ny trosan-kaba amin'ny TVA izay nangatahana famerenana dia tsy tokony hisoratra intsony ao anatin'ny trosan-kaba hafindra ho an'ny vanim-potoana manaraka fa iharan'ny sazy araka ny voafaritry ny andininy 20.01.54 2 B amin'ity fehezan-dalàna ity. Ny fanarahana ny trosan-kaba amin'ny TVA eo am-piandrasana famerenana dia tsy maintsy hatovana amin'ny filazana mahakasika izany.

Ny famerenana ny trosan-kaba amin'ny TVA dia tsy maintsy tanterahana ao anatin'ny 60 andro nandraisan'ny Tale Jeneralin'ny Hetra.

Ny trosan-kaba dia voasoratra ao amin'ny kaonty manokana nosokafana ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana na ao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara ka ny fombafomba fampiasana azy dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

Ny trosan-kaba amin'ny TVA izay nekena ny famerenana azy dia afaka hafindran'ny Fandraharahana ara-ketra handoavana ireo hetra handoavana ireo hetra voafaritry ity Fehezan-dalàna ity araka ny fepetra izay ho faritan'ny didy amam-pitsipika."

Ny fepetra hanekena ireo entana afaka misitraka ny famerenana ny trosan-kaban'ny TVA ao anatin'ny fitrosana vola amin'ny fampanofàna dia faritan'ny didy amam-pitsipika."

TOVANA LISITRY NY ENTANA TSY VOAN'NY TVA

Ao anatin'ity tovana ity, ovàna toy izao manaraka izao ny lisitr'ireo entana tsy voan'ny TVA mifandraika amin'ny andininy 06.01.06 – 13°:

Article 06.01.06: 13°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
01.05	Coqs, poules, canards, oies, dindons, dindes et pintades, vivants, des espèces domestiques - D'un poids n'excédant pas 185 g
01.05.11 90	- - - Autres
04.07.00	Œufs d'oiseaux, en coquilles, frais, conservés ou cuits - Œufs fertilisés destinés à l'incubation
04.07.11.00	- - De volailles de l'espèce Gallus domesticus
05.11.10.00	- Spermes de taureaux
05.11.91.10	Œufs et laitances de poissons ou de crustacés non comestibles, vivants et fécondés destinés à la reproduction (alevins)
06.02.10.19	- - - Autres boutures non racinées et greffons
07 01 10.00	Pommes de terre, à l'état frais ou réfrigéré - De semence
10.01	Froment (blé) et méteil.

11.00	- Froment (blé) dur : - - De semence
10.05	Maïs
10.00	-De semence
12.01	Fèves de soja, même concassées.
10.00	- De semence
12.09	Graines, fruits et spores à ensemercer
23.01	Farines, poudres et agglomérés sous forme de pellets, de viandes, d'abats, de poissons ou de crustacés, de mollusques ou d'autres invertébrés aquatiques impropres à l'alimentation humaine ; cretons
23.02	Sons, remoulages et autres résidus, mêmes agglomérés sous forme de pellets, du criblage, de la moulure ou d'autres traitements des céréales ou des légumineuses.
23.04.00.00	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile de soja
23.05.00.00	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile d'arachide
23.06	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de graisses ou huiles végétales, autres que ceux des n°s 23.04 ou 23.05.
23.09.90.00	- Autres
23.08.00.00	Matières végétales et déchets végétaux, résidus et sous-produits végétaux, même agglomérés sous forme de pellets, des types utilisés pour l'alimentation des animaux, non dénommés ni compris ailleurs
27.11.12.00	Gaz propane
29.22.41.00	- Lysine et ses esters ; sels de ces produits.
29.30.40.00	- Méthionine
31.01.00.00	Engrais d'origine animale ou végétale, même mélangés entre eux ou traités chimiquement ; Engrais résultant du mélange ou du traitement chimique de produits d'origine animale ou végétale.
31.02	Engrais minéraux ou chimiques azotés
31.03	Engrais minéraux ou chimiques phosphatés
31.04	Engrais minéraux ou chimiques potassiques
31.05	Engrais minéraux ou chimiques contenant deux ou trois des éléments fertilisants : azote, phosphore et potassium ; autres engrais ; produits du présent Chapitre présentés soit en tablettes ou formes similaires, soit en emballages d'un poids brut n'excédant pas 10 kilogrammes
38.08	Insecticides, antirongeurs, fongicides, herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes, désinfectants et produits similaires, présentés dans des formes ou emballages de vente au détail ou à l'état de préparations ou sous forme d'articles tels que rubans, mèches et bougies soufrés et papier tue mouches
38.08.52 00	- - DDT (ISO) (clofénotane (DCI)), conditionné dans des emballages d'un contenu en poids net n'excédant pas 300 g
38.08.59 00	- - Autres
38.08.61 00	- - Conditionnées dans des emballages d'un contenu en poids net n'excédant pas 300 g
38.08.62 00	- - Conditionnées dans des emballages d'un contenu en poids net excédant 300 g mais n'excédant pas 7,5 kg
38.08.69 00	- - Autres
38.08.91	- - Insecticides

- 38.08.92 - - Fongicides
 38.08.93 - - Herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes.

Ao antin'ity tovana ity, ovana toy izao manaraka izao ny lisitr'ireo entana tsy voan'ny TVA mifandraika amin'ny andininy 06.01.06 – 21°:

**Article 06.01.06:
 21°**

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
10.01	Froment (blé) et méteil.
	- Froment (blé) dur :
19.00	- - Autres
10.05	Mais
90.00	- Autres
10.06.10.00	- Riz en paille (riz paddy)
10.06.20.00	- Riz décortiqué (riz cargo ou riz brun).
10.06.30	- Riz semi-blanchi ou blanchi, même poli ou glacé :
10.06.30.10	- - - Riz de luxe des qualités RL 1 et RL 2.
10.06.30.90	- - - Autres
10.06.40.00	- Riz en brisures

BOKY III

**FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II
 AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY**

**LOHATENY I
 FAMORIANA NY HETRA**

**TOKO II
 FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHANA MIANDRAIKITRA NY HETRA**

**SOKAJY III
 SORA-PAMERANA**

Andininy 20.01.43

Ovànà toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Ny trosa ananan’ny Fanjakana izay voalazan’ny andininy 20.01.40 dia anaovana sora-pamerana tsirairay na iombonana ary azo takiana. Ny sora-pamerana dia atao aorian’ny fampahafantarana raikitra na fampahafantarana avy amin’ny famerana tsy ifanakalozan-kevitra ao anatin’ny fe-potoana voalazan’ny fepetry ny lalàna ankapobe mifehy ny hetra. Ankoatr’ireo, ny sora-pamerana koa dia azo atao aty aorian’ny taratasy fitakian-ketra nefa dia tsy maintsy ao anatin’ny fe-potoana azo itakiana hetra hatrany. Ny sora-pamerana dia ataon’ny mpiasan’ny hetra manana ny andraikitry ny mpamory hetra, ary ankatoavin’ny Tale miadidy ny sampandraharahan’ny hetra misahana ny antotan-taratasin’ny mpandoa hetra. Ny sora-pamerana dia atao amin’ny alalan’ny taratasin-ketra isaky ny sokaji-ketra ary ahitana ireto filazana manaraka ireto:

- Anaranan’ny mpandoa hetra;

- Laharam-pamantarana ara-ketra na karapanondrom-pirenena;
- Ny taratasy fitakian-ketra niteraka ny volam-panjakana;
- Ny karazany, ny fotoam-piasana ary sandan'ny hetra.

Ny sora-pamerana dia ampahafantarina amin'ny alalan'ny:

- fanaterana izany izay ataon'ny mpiasan'ny hetra ka anaovan'ny nandray izany sonia eo amin'ny dika mitovin'ny taratasy na eo amin'ny kahiem-pampitana na anaovana taratasy fanamarinana ny fandraisana izany;
- fanatanterahana ny fitsipika mifehy ny fampahafantarana ny antotan-taratasim-pitsarana voafaritry ny andininy 144n'ny lalana mifehy paikady madio sy araka ny fahefana nomena ny mpiasan'ny hetra araka ny voalazan'ny andininy 20.02.121;
- taratasy tsy very mandeha ahazoana fanamarinana ny nandraisana azy;
- fomba elektronika, ho an'ireo mpandoa hetra nahazo alalana hanao ny fanambarana amin'ny alalan'ny tambazotram-pifandraisana ka misy fanamarinana ny nandraisana azy.

Na izany na tsy izany, ny fampahafantarana ny sora-pamerana dia heverina ho voarain'ny mpandoa hetra hatrany raha natao tamin'ny alalan'ireo fomba voalaza eo ambony ireo.

Ny taratasy fampahafantarana dia midika ho antso fampitandremana ka manery handoa avy hatrany ireo sora-bola hita ao amin'ny sora-pamerana izay tsy maintsy takiana avy hatrany.

Ny fampahafantarana ny sora-pamerana dia mampihantona ny fahalanian'ny paik'andro mamehy ny Fanjakana ary misolo ny fahalanian'ny paik'andro mikasika ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka.

Ireo sora-pamerana dia raisina ho toy ny efa nampahafantarina ho voriana, tsy amin'ny sora-bola takiana irery ihany fa amin'ny hetra rehetra ihany koa, sara na haba mitovy sokajy izay efa ho takiana alohan'ny fahafahan'ny trosan'ny mpandoa hetra.

Ny sora-pamerana nomena ara-dalàna, voasonia, sy nampahafantarina dia mitana ny lanjany maha ara-dalàna azy raha toa ka taratasy fitakian-ketra niandohan'izany dia mbola tsy nofoanana tamin'ny fanampahan-kevitra fanafoanan-ketra, na tamin'ny didim-pitsaràna, na tratry ny fahalanian'ny paik'andro 30 taona.

Ny sora-pamerana dia azo raisina ho fototra hamoriana ireo trosa-ketra tsy voalao amin'ny alalan'ny fitananana ifotony amin'ireo fandovam-bola tokony hataon'ny Fanjakana aminy. Misy fombafomba arahina manokana hapetraka ho fanatanterahina io fanarenana io ao anatin'ny fe-potoana latsaky ny 2 volana.

Ny sora-pamerana dia tanterahina manaraka ny lalàna ary mihoatra ny antoka aza ary manaraka ny fepetran'ny didim-pitsarana. Na izany aza, ny fivarotana ireo entana nogiazana dia tsy azo atao raha tsy mahazo alalana manokana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra izany fahefany izany.

Ny saram-panenjehana rehetra dia raisin'ny mpandoa hetra manontolo, ny sora-pamerana dia raisina ho toy ny trosan-ketra ary manaraka ny manjò ny renin-trosa. Ireo sara ireo dia azo takiana ho toy ny hetra.”

TOKO III SAZY SY LAMANDY

SOKAJY IV LAMANDY AMIN'NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINOANA NA FAMPIHENANA

Andininy 20.01.54.2.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany ao amin'ny B- amin'ity andininy ity:

“– ny haba amin'ny taha 20 isan-jato kajiana ara-keviny araka ny fanitsiana nataon'ny sampan-draharaha, ny fampihenana mihoampampana na izay fomba rehetra ahazoana amin'ny tsy rariny ny famerenana ny trosa-kaba mifanaraka amin'ny raharaha iharan'ny hetra amin'ny taha aotra (0) na ireo raharaha afahana amin'ny hetra;”

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany ao amin'ny C- amin'ity andininy ity:

“– ny haba nanaovana hosoka, nialana na namboamboarina ka ny fampihenana na ny famerenana dia natao na azo tsy ara-drariny, ny fampihenana mihoampampana na izay fomba rehetra ahazoana amin'ny tsy rariny ny famerenana;”

**SOKAJY VI
FANDIKAN-DALANA Hafa**

Andininy 20.01.56.17.-

Ampidirana paragirafy faharoa mirija toy izao amin' ny faran'ity andininy ity:

“Mitovy amin'izany ihany koa ho an'ireo mpikarakara seho isan-karazany ka ny tsy fanaovana na ny fahadisoana amin'ireo andraikitra voalazan'ny andininy 20.06.17 dia saziaina lamandy 0,5 isan-jaton'ny saram-pandraisan'anjara, saram-pidirana sy ireo sara hafa mandritry ny hetsika, ka ny lamandy dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 1 000 000.”

**LOHATENY V
LAHARAM-PAMANTARAN'NY MPANDOA HETRA**

**TOKO I
FOMBAFOMBA SY FILAZANA**

Andininy 20.05.01.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ny laharam-pamantarana ara-ketra amin'ny tambazotra dia omena ny olon-tsootra na fikambanana rehetra izay manana toeram-piasana raikitra eto Madagasikara ka ireo asa, entana na ny vola miditra dia iharan'ny hetra eto an-toerana ho hetra, sara na haba voafarit'ity Fehezan-dalàna ity.”

**TOKO II
MANDRITRY NY TAOM-PIASANA
TOETRY NY FAMOKARANA**

Andininy 20.05.06

Ampiana paragirafy vaovao mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

“ Ny mpandoa hetra dia afaka mamoka ny karatra ara-ketra izay azony alaina ao amin'ny sehatra “hetra ara-tambazotra”. Io karatry ny mpandoa hetra io dia manana ny lanja ara-dalàna ary mitovy lenta amin'ny karatra miendrika taratasy, izay alaina eny amin'ny ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasy.”

LOHATENY VI
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY –
FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA – TSIAMBARATELON'NY ASA
(DC-DDC-DV-SP)

SOKAJY IV
ANDRAIKITRY NY MPANAO TAO-ZAVATRA, MPIVAROTRA, MPANAO ASA-TANANA SY NY
ORINASA MPAMPINDRAM-BOLA SY/NA MPIKIRAKIRA VOLA

Ovàna toy izao manaraka izao ny Lohatenin'ny Sokajy IV amin'ny Lohateny VI ao anatin'ity boky ity:

“SOKAJY IV

ANDRAIKITRY NY MPANAO TAO-ZAVATRA, MPIVAROTRA, MPANAO ASA-TANANA SY NY
ORINASA MPAMPINDRAM-BOLA SY/NA MPIKIRAKIRA VOLA ARY NY MPIKARAKARA SEHO ISAN-
KARAZANY”

Andininy 20.06.15.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ny mpanao tao-zavatra, mpivarotra sy mpanao asa-tanana dia tsy maintsy manao filazàna ny vola azony isaky ny mpanjifa sy isaky ny fomba nandoavam-bola tamin'ireo varotra izay natao nandritra ny taona amin'ny fomba hafa ankoatra ny varotra antsinjarany, ary koa ny totalin'ny varotra natao tamin'ny Fanjakana, ny fanondranana any ivelany sy ny totalin'ny varotra amin'ny antsinjarany ho an'ireo sady mpamongady no mpivarotra antsinjarany.”

Andininy 20.06.17.-

Ampidirana paragirafy farany mirija toy izao amin' ny faran'ity andininy ity:

“ Ny mpikarakara seho isan-karazany mikasika ny varotra, ara-kolotsaina na hafa amin'ny toerana misokatra ho an'ny daholobe na an'olon-tsootra, amin'ny fotoana iray na isam-banim-potoana, dia tsy maintsy filazàna mialoha eo amin'ny lvon-ketra mpitantana ny antotan-taratasiny ao anatin'ny 15 andro mialohan'ny seho :

- ny toerana, ny faharetany miaraka amin'ny sokajin'ny seho karakaraina;

- ny lisitrin'ny mpandray anjara miaraka amin'ny dika mitovy amin'ny karatra ara-ketra manan-kery.”

SOKAJY VII
FANAMARINANA

Andininy 20.06.21 ter-

Ampiana VIII izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“VIII- Ho an'ireo fadikan-dalana voafaritry ny andininy 20.01.54.2- B 1 – sy 20.01.54.2-C1-, ambonin'ny fandoavana ny lamandy mifanaraka amin'izany, ny trosan-kaba TVA voaverina tsy ara-drariny dia tokony haverina harotsaka araka ny fombafomba mifanaraka amin'ny fanamarinana.”

Ny sisa tsy misy fiovàna.

ANDININY FAHA-3

FADITSERANANA

A- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA:

1) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy voalohany:

Antony: Ho famaritana mendrika kokoa ny atao hoe lalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana mba hifandraika amin'ny haben'ny andraikitry ny Sampandraharahan'ny fadintseranana.

Tsy hoe:

Andininy voalohany. - Amin'ny hoe « *lalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana* », dia raisina amin'izany, ny lalàna sy ny fitsipika mikasika ny fombafomba famaritana ny tombanketra sy fandraisana ny habantseranana sy ireo adidy aman'andraikitra avy amin'izany, na ho an'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana izany na ho an'izay voafehin'izany, ary eo ihany koa ireo izay mihatra mikasika ny haba na ny hetra alain'ny fadintseranana.

Fa vakio hoe:

Andininy voalohany. - Amin'ny hoe « *lalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana* », dia raisina amin'izany ny lalàna sy ny fitsipika mikasika **ny andraikitry ny Sampandraharahan'ny fadintseranana, indrindra ny fombafomba** famaritana ny tombanketra **sy fandraisana ny habantseranana** sy ireo adidy aman'andraikitra avy amin'izany.

2) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-8.-2°:

Antony: Mba hametrahana ny fampiharana ny fepetra fanitsiana ara-barotra amin'ny fanafarana, izay hita ao amin'ny fifanarahana miaraka amin'ny fikambanana iraisam-pirenena momba ny varotra (OMC).

Tsy hoe:

Tsy misy

Fa vakio hoe:

Andininy faha-8. -2° Hisy haba fanampiny izay manana taha eo anelanelan'ny 3% sy 200% voafaritra araka ny fitsipika izay afaka ampiarina ho fametrahana ny fepetra fiarovana, na fepetra anti-dumping, na fepetra fanorenana tsy maharitra na maharitra amin'ny asa fanafarana entana hojifaina eto Madagasikara.

Ny tahan'ny haba fanampiny sy ny vokatra izay voakasik'izany dia ho voafaritra aorian'ny fanadihadiana ataon'ny manampahefana nasionaly momba ny fepetra fanitsiana ara-barotra mifanaraka amin'ny fifanarahana ao amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny Varotra (OMC) sy ireo fifanarahana hafa ara-barotra izay andraisan'i Madagasikara anjara ary koa ny didy amam-pitsipika nasionaly mifandraika amin'izany.

Ny fitsipika momba ny tombanketra, ny famoriana sy ny fifanolanana hampiharina amin'ny habantseranana dia nitarina amin'ity haba fanampiny ity.

3) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-23.-8°:

Antony : Mba hiadiana amin'ny fanararaotana ataon'ny mpila raharaha eo amin'ny fadintseranana momba ny fampakaran-draharaha matetika mankany amin'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana (CCED) na dia efa nahitana antontan-taratasy hosoka aza; fepetra mifandraika amin'ny andininy faha-111 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fadintseranana ary nosintonina avy amin'ny soso-kevitra voadinika faha- 10.1 avy amin'ny komity teknikan'ny fisandana ara-padintseranana voafaritry ny fifanarahana ao amin'ny OMC.

Tsy hoe:

Tsy misy.

Fa vakio hoe:

Andininy faha-23. - 8° Ny entana nafarana dia tokony ho sandaina araka ny fitsipika ao amin'ny fifanarahana momba ny fisandana ara-padintseranana ao amin'ny fikambanana iraisam-pirenena momba ny varotra (OMC), arakà ny zava-miseho marina. Ny antontan-taratasy rehetra manome famotopotorana diso momba ny zava-niseho dia mifanipaka amin'ny vinavinan'ny fifanarahana voalaza etsy ambony. Noho izany, ny Sampandraharahan'ny fadintseranana dia tsy voatery handray ny fanambarana misy hosoka. Ankoatra izay, raha misy antontantaratasy iray hita fa hosoka taorian'ny famaritana ny sanda ara-padintseranana, ny tsy fanekena an'io sanda io dia miankina amin'ny lalàna nasionaly.

4) Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-53.-1°:

Antony: Mba hametrahana sazy mandresy lahatra kokoa momba ny fandikan-dalàna mikasika ny fitazonana sy ny fampitana ny taratasim-bola sy ny taratasim-barotra ara-dalana sy amin'ny dikanteny marina izay hiankinan'ny fanaraha-maso any aoriana izay hamafisin'ny Sampandraharaha. Ny tanjona dia mba hanafaingana ny fanalana ny tsatoka amin'ny entana ao anatin'ny sehatry ny fanamorana ny fifanakalozana ary koa mba hiantohana ny fanarahana ny lalàna sy ny fitsipika izay fepetra hampiharina'ny fadintseranana.

Tsy hoe:

Andininy faha-53. - 1° Ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka, aorian'ny fanomezana ny fahazoan-dalana momba ny fanalana tsatoka ny entana, manao ny fandinihana indray ny fanambarana, ny fanaraha-maso ny taratasy firaketana ara-barotra mikasika ny entana na ny fanamarinana ireo entana ireo raha toa ka mbola afaka aseho izy ireny.

Ny endrika sy ny mombamomba ny fanaraha-maso tany aoriana dia voafaritry ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

2° Mandritra ny fanaraha-maso any aoriana, tsy misy afaka misakana, mamalivaly na manohitra, na manandrana manakana na mamalivaly na manohitra ireo mpiasan'ny fadintseranana izay manao ny fanaraha-maso araka ity Lalàna ity. Ny fandikana ireo fepetra voalaza ireo dia midika ho fanoherana ny mpiasa tsy hanao ny asany voalaza ao amin'ny andininy faha-35 etsy ambony.

Fa vakio hoe:

Andininy faha-53.-1° a. Ny Sampandraharahan'ny fadintseranana dia afaka, aorian'ny fanomezana ny fahazoan-dalana momba ny fanalana tsatoka ny entana, manao ny fandinihana indray ny fanambarana, ny fanaraha-maso ny **antontan-taratasy amin'ny endriny rehetra, indrindra ny firaketana ara-barotra sy ara-pitantanam-bola ary ara-bola** mikasika ny entana na ny fanamarinana ireo entana ireo raha toa ka mbola afaka azo aseho izy ireny.

Ny endrika sy ny mombamomba ny fanaraha-maso tany aoriana dia voafaritry ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

b. Iharan'ny onitra 5% amin'ny sandan'ny entana nafarana mandritra ny fe-potoana mifandraika amin'ny antontan-taratasy notakiana, ny tranga manaraka ireto:

- Ny tsy fitazonana ny taratasy voalaza na ny anton-tantaratasy (sata, taratasy fandanjalanjana, ny kaonty famaranana, ny fehin'ny tahiry, fanadihadiana ny fitantanambola);

- Ny fampisehoana taratasy na antontan-taratasy ahitana tsy fanarahan-dalàna;
- Ny fampisehoana taratasy na antontan-taratasy tsy mifanaraka amin'ny lalàna sy ny fitsipika manankery (Fehezan-dalàna momba ny hetra, drafi-pitanan-kaonty);
- Ny fanaovana hosoka na fanapotohana ireo antontan-taratasy ireo;
- Ny tsy fampitana ireo antontan-taratasy ireo.

2° Mandritra ny fanaraha-maso any aoriana, tsy misy afaka misakana, mamalivaly na manohitra, na manandrana manakana na mamalivaly na manohitra ireo mpiasan'ny fadintseranana izay manao ny fanaraha-maso arak'ity Lalàna ity. Ny fandikana ireo fepetra voalaza ireo dia midika ho fanoherana ny mpiasa tsy hanao ny asany voalaza ao amin'ny andininy faha-35 etsy ambony.

5) Ampidirina andalana 3° ny andininy faha-190, andalana 4° ny andininy faha-196 ary ovàna toy izao ny andininy faha-241.-2°:

Antony: Mba hanaraka ny toro-marika voalazan'ny Fifanarahana Kyoto nasiam-panitsiana (CKR) indrindra:

- Andininy faha-190.-3°: Fanomezana alalàna ny mpisitraka mba hanatanteraka asa ho fikojakojana na famerenana amin'ny laoniny ny entana nafarana tsy maharitra.
- Andininy faha-196.-4°: Fampidirana ny feni-kevitra momba ny fanonerana mitovy ao anatin'ny sata fanatsarana ny entana nafarana.
- Andininy faha-241.-2°: Famaritana fa ny karazan-tsambo afaka misitraka fanafahana habantserana mikasika ny vokatry famatsiana dia tsy maintsy ireo manao fifamoivozana iraisam-pirenena ihany.

Tsy hoe:

- Tsy misy

Andininy faha-241. - 2° Tsy afaka misitraka ny satan' ny fanafahana habantseranana voalaza ao amin'ny paragrafy etsy aloha raha tsy ny karazana sambo manaraka etoana:

- Ny sambo ara-barotra,
- Ny sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina,
- Ny sambo ampiasaina amin'ny asa aman-draharaha ara-indostria,
- Ny sambo miasa ho an'ny fahefana ara-panjakana.

Fa vakio hoe:

Andininy faha-190. - 3° Ny fikirakirana mahazatra mba hikojakojana ny toetran'ny entana nafarana tsy maharitra mandritra ny fipetrahany eto amin'ny faritra dia afaka atao aorian'ny fahazoana alàlana avy amin'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana. Ireo asa ireo dia tanterahana eo anatrehan'ny mpiasan'ny fadintseranana.

Andininy faha-196. - 4° Fanonerana araka ny sahala:

a) Ao anatin'ny entana nambara araka ny sata momba ny fanatsarana ny entana nafarana, ny mpandraharaha dia afaka misitraka fanonerana sahala amin'ny « entana mitovy » mba hamokarany ny akora fanonerana alohan'ny fanafarana ny entana ho avadika. Ny « entana sahala » dia entana maneho fitoviana eo amin'ny toetoetra ara-barotra sy ara-teknika mitovy amin'ny entana nosoloiny ary mitovy zana-tsokajy ao anatin'ny lazam-bidy momba ny fadintseranana.

b) Ao anatin'ny fampiasana ny entana sahala, ny vokatra voaova azo avy amin'ireto farany dia afaka haondrana alohan'ny fanafarana ny entana nosoloiny aorian'ny fahazoana alàlana avy amin'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana. Ny fanafarana ny entana sahala mihoatra ny 30 andro aorian'ny datin'ny fanambarana fanondranana ny entana nonerana dia tsy ahazoana fahafahana habantseranana manontolo na amin'ny ampahany amin'ny fanafarana voalaza ao amin'ny sehatry ny sata fanatsarana ny entana nafarana.

Andininy faha-241. - 2° Tsy afaka misitraka ny satan' ny fanafahana habantseranna voalaza ao amin'ny paragrafy etsy aloha raha tsy ny karazana sambo manaraka etoana **izay voafaritry ho ampiasaina amin'ny fifamoivoizana iraisam-pirenena:**

- Ny sambo ara-barotra,
- Ny sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina,
- Ny sambo ampiasaina amin'ny asa aman-draharaha ara-indostria,
- Ny sambo mitondra ireo manam-pahefana ara-panjakana.

6) **Ovànà toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-208.-4°:**

Antony: Mba hanamorana ny fomba famotsiana ao anatin'ny sata mifehy ny fanodinana tsy andoavana habantseranana amin'ny alalan'ny fahafahana hanapotika ny entana izay manana toetoetra tsy hahafahana mitahiry azy na manodina azy, na manjifa azy na mamerina manondrana azy.

Tsy hoe:

Andininy faha-208. - 1° Raha tsy hoe angaha misy famelana handingana fepetra nomen'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana aorian'ny fakana ny hevitra ny Minisitry voakasika, ny fe-potoana farafahabetsany hijanonan'ny entana araka ny sata momba ny fanodinana tsy andoavana habantseranana dia roa ambin'ny folo volana manomboka amin'ny vaninandro andraketana am-boky ny fanambarana ny fidiran'ny entana ho ao amin'io sata io.

2° Ny fepetra fanomezana io fanalavana io dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

3° Raha toa amin'ny fiafaran'ny fe-potoana nekena, ny vokatra voahodina na, raha misy, entana hapetraka ho eo ambanin'io sata io ka tsy nalefa ho amin'ny fanjifana, dia takiana avy hatrany ny habantseranana tokony ho nefainy.

Fa vakio hoe:

Andininy faha-208. - 1° Raha tsy hoe angaha misy famelana handingana fepetra nomen'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana aorian'ny fakana ny hevitra ny Minisitry voakasika, ny fe-potoana farafahabetsany hijanonan'ny entana araka ny sata momba ny fanodinana tsy andoavana habantseranana dia roa ambin'ny folo volana manomboka amin'ny vaninandro andraketana am-boky ny fanambarana ny fidiran'ny entana ho ao amin'io sata io.

2° Ny fepetra fanomezana io fanalavana io dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

3° Raha toa amin'ny fiafaran'ny fe-potoana nekena, ny vokatra voahodina na, raha misy, entana hapetraka ho eo ambanin'io sata io ka tsy nalefa ho amin'ny fanjifana, dia takiana avy hatrany ny habantseranana tokony ho nefainy.

4° Raha toa ka manamarina ny zava-miseho ilay mpanonombola fa tsy afaka na mamerina manondrana indray ny entana nafarana teo aloha, na handefa amin'ny fanjifana ny vokatra navadika,

momba ny entana fampitaovana na ny akora fanodina, ireo entana ireo dia afaka hafoy eo ampelatanan'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana na potehina eo anatrehan'ireto farany.

Ny saran'ny fanapotohana dia haloan'ny mpangataka.

7) Ovànà toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-295.-5°:

Antony: Mba hamahana ny tsy fahazoa-manohitra izay raiketin'ny andininy faha-309 anaty LTGO mba hanerena ny olon-kafa mpitazona ny entana mba hanatanteraka.

Tsy hoe:

Andininy faha-295. - 5° Ny fifanarahana dia manana, eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, fahefana amin'ny zavatra hotsaraina. Tsy afaka enjehina izy noho ny fahadisoana teo amin'ny zo, na noho ny fahalesoana.

Fa vakio hoe:

Andininy faha-295. - 5° Ny fifanarahana dia manana, eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, fahefana amin'ny zavatra hotsaraina. **Io fifanarahana io dia mihatra ihany koa amin'ireo olon-kafa mpitana ny entana voalaza ao amin'ny andininy faha-334 ao amin'izao fehezan-dalàna izao ary** tsy afaka enjehina noho ny fahadisoana teo amin'ny zo, na noho ny fahalesoana.

8) Ovànà toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-342.-2°:

Antony: Mba hamaritana tsara ny andraikitra amin'ny ady helokan'ireo mpisolo tena ara-dalànan'ireo mpanalalàna amin'ny fadintseranana raha sendra hadisoana nataon'ny tenany manokana.

Tsy hoe:

Article 342. - 2° Ny fanamelohana an-tranomaizina izay voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia tsy ampiharina amin'izy ireo afa-tsy amin'ny fisian'ny fahadisoana nataon'ny tenany manokana.

Fa vakio hoe:

Article 342. - 2° Ny fanamelohana an-tranomaizina izay voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia **mihatra amin'ireo mpisolo tena ara-dalàna raha nisy fahadisoana nataon'ny tenany manokana.**

9) Ovànà toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha-266 bis sy faha- 361:

Antony: Fanadiovana ny teny.

Tsy hoe:

Andininy faha-266 bis. - Ny atao hoe fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia ny fandikan-dalàna amin'ireo fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity sy ny fandikana ireo lalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana faritan'ny andininy voalohany etsy ambony.

Andininy faha-361. - Mety iharan'ny sazy ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy teo aloha sy ny fampidirana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny roa taona ny fampidirana entana antsokosoko natao tamin'ny alalan'ny fitambaran'ny olona telo sy mihoatra hatramin'ny enina tafiditra ao anatiny, na mitondra na tsia izy rehetra, ireo entana misy hosoka ary tompo-marika, niara-tompo-marika na voakasiky ny hosoka.

Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-35-1°, faha-54 ary faha-95 etsy ambony, dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 100.000 hatramin'ny 2.500.000 Ariary.

Ankoatra izany, mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 500.000 hatramin'ny 5.000.000 Ariary, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-90-1° amin'ity Fehezan-dalàna ity, ary koa ny fandikan-dalàna rehetra nataon'ny olona izay, nahatonga ny fisintonana ny fankatoavana, manohy ny fanatontosana ho an'ny tenany, mivantana na tsy mivantana, ny fombafomba atao amin'ny fadintseranana mikasika ny fanambarana amin'ny antsipiriany ny entana.

Fa vakio hoe:

Article 266 bis. - Ny atao hoe fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia ny fandikana ireo fepetra mikasika ny lalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana faritan'ny andininy voalohany etsy ambony.

Art. 361. - Mety iharan'ny sazy ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy teo aloha sy ny fampidirana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny roa taona ny fampidirana entana antsokosoko natao tamin'ny alalan'ny fitambaran'ny olona telo sy mihoatra hatramin'ny enina tafiditra ao anatiny, na mitondra na tsia izy rehetra, ireo entana misy hosoka ary tompo-marika, niara-tompo-marika na voakasiky ny hosoka.

Kanefa, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-35-1°, faha-47, faha-54 ary faha-56 etsy ambony, dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 10.000.000 hatramin'ny 20.000.000 Ariary.

Ankoatra izany, mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 500.000 hatramin'ny 5.000.000 Ariary, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-90-1° amin'ity Fehezan-dalàna ity, ary koa ny fandikan-dalàna rehetra nataon'ny olona izay, nahatonga ny fisintonana ny fankatoavana, manohy ny fanatontosana ho an'ny tenany, mivantana na tsy mivantana, ny fombafomba atao amin'ny fadintseranana mikasika ny fanambarana amin'ny antsipiriany ny entana.

B- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY MOMBA NY FADINTSERANANA:

1) **Famoronana zana-tsokajy nasionaly vaovao handrindrana ny tahan'ny habantseranana ho 10% mifandraika amin'ny vokatry anelanelany ho fanamboarana vokatry azo avy amin'ny ronono;**

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
19.01	Extraits de malt ; préparations alimentaires de farines, gruaux, semoules, amidons, féculés ou extraits de malt, ne contenant pas de cacao ou contenant moins de 40% en poids de cacao calculés sur une base entièrement dégraissée, non dénommées ni comprises ailleurs ; préparations alimentaires de produits des n°s 04.01 à 04.04, ne contenant pas de cacao ou moins de 5% en poids de cacao calculés sur une base entièrement dégraissée, non dénommées ni comprise ailleurs.				
1901.90	- Autres :				
1901.90 10	- - - Contenant du cacao	Kg	20	20	20
1901.90 90	- - - Autres.....	Kg	20	20	20

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
19.01	Extraits de malt ; préparations alimentaires de farines, gruaux, semoules, amidons, féculés ou extraits de malt, ne contenant pas de cacao ou contenant moins de 40% en poids de cacao calculés sur une base entièrement dégraissée, non dénommées ni comprises ailleurs ; préparations alimentaires de produits des n°s 04.01 à 04.04, ne contenant pas de cacao ou moins de 5% en poids de cacao calculés sur une base entièrement dégraissée, non dénommées ni comprise ailleurs.				
1901.90	- Autres :				
	- - - Contenant du cacao	Kg	20	20	20
1901.90 11	- - - - Préparations intermédiaires des produits du n°04.01 à 04.04 destinées à l'industrie alimentaire (1).	Kg	10	20	10
1901.90 19	- - - - Autres	Kg	20	20	20
	- - - Autres				
1901.90 91	- - - - Préparations intermédiaires des produits du n°04.01 à 04.04 destinées à l'industrie alimentaire (1).	Kg	10	20	10
1901.90 99	- - - - Autres	Kg	20	20	20

2) Fampiharana ao anatin'ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana ny fanafoanana ny haba amin'ny tataom-bidy mahakasika ny « semence de blé », ny « blé brut » ary ny « semence de soja » :

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
10.01	Froment (blé) et méteil.				
	-Froment (blé) dur :				
1001.11 00	- - De semence.....	Kg	ex	20	ex
1001.19.00	- - Autres.....	kg	ex	20	ex

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
12.01	Fèves de soja, même concassées.				
1201.10 00	- De semence.....	kg	ex	20	ex

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
10.01	Froment (blé) et méteil.				
	-Froment (blé) dur :				
1001.11 00	- - De semence.....	kg	ex	ex	ex
1001.19.00	- - Autres.....	kg	ex	ex	ex

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
12.01 1201.10 00	Fèves de soja, même concassées. - De semence-----	kg	ex	ex	ex

- 3) **Fampiharana amin'ny entana mikasika ny finday anaty n°85.17 ny tahan'ny habantseranana = 5% fa tsy 10% ho an'ny entana fampitaovana ary 20% fa tsy 10% ho an'ny entana hojifaina :**

Tsy hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
85.17	Postes téléphoniques d'usagers, y compris les téléphones pour réseaux cellulaires et pour autres réseaux sans fil ; autres appareils pour la transmission ou la réception de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils pour la communication dans un réseau filaire ou sans fil (tel qu'un réseau local ou étendu), autres que ceux des n°s 84.43, 85.25 85.27 ou 85.28.				
	- Postes téléphoniques d'usagers ; y compris les téléphones pour réseaux cellulaires et pour autres réseaux sans fil :				
8517 11 00	-- Postes téléphoniques d'usagers par fil à combinés sans fil -----	u	10	20	10
8517 12 00	-- Téléphones pour réseaux cellulaires et pour autres réseaux sans fil.....	u	10	20	10
8517 18 00	-- Autres.....	u	10	20	10
	- Autres appareils pour la transmission ou la réception de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils pour la communication dans un réseau filaire ou sans fil (tel qu'un réseau local ou étendu) :				
8517 61 00	-- Stations de base.....	u	10	20	10
8517 62 00	-- Appareils pour la réception, la conversion et la transmission ou la régénération de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils de commutation ou de routage.....	u	10	20	10
8517 69 00	-- Autres.....	u	10	20	5
8517 70 00	-- Parties.....	kg	10	20	5

Fa vakio hoe :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
85.17	Postes téléphoniques d'usagers, y compris les téléphones pour réseaux cellulaires et pour autres réseaux sans fil ; autres appareils pour la transmission ou la réception de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils pour la communication dans un réseau filaire ou sans fil (tel qu'un réseau local ou étendu), autres que ceux des n°s 84.43, 85.25 85.27 ou 85.28.				
	- Postes téléphoniques d'usagers ; y compris les téléphones pour réseaux cellulaires et pour autres réseaux sans fil :				
8517 11 00	-- Postes téléphoniques d'usagers par fil à combinés sans fil	u	20	20	10
8517 12 00	-- Téléphones pour réseaux cellulaires et pour autres réseaux sans fil	u	5	20	5
8517 18 00	-- Autres	u	20	20	10
	- Autres appareils pour la transmission ou la réception de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils pour la communication dans un réseau filaire ou sans fil (tel qu'un réseau local ou étendu) :				
8517 61 00	-- Stations de base	u	5	20	5
8517 62 00	-- Appareils pour la réception, la conversion et la transmission ou la régénération de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils de commutation ou de routage	u	5	20	5
8517 69 00	-- Autres	u	20	20	5
8517 70 00	-- Parties	kg	10	20	5

Ny sisa tsy misy fiovana.

II – FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2019

ANDININY FAHA-4

Ny vokatra sy ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2019, anisan'izany ny fanampiana ara-bola tsy averina sy ny vola miditra hafa, dia vinavinaina **7 486 900 953** Arivo Ariary araka ny tabilao manaraka etoana:

FANONDROANA	Arivo Ariary PLF 2019
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA	6 501 900 953
- Vola miditra avy amin'ny hetra	5 805 635 400
- Vola miditra ankoatry ny hetra	102 244 184
- Vola miditra hafa	0
- Fanampiana ara-bola tsy averina	594 021 369
- Vola miditra avy amin'ny fisitahan'ny Fanjakana	0
- Vola miditra manokana	0
- Renivola miditra (IADM – FMI)	0
FAMPIASAM-BOLA	985 000 000
- Fanampiana avy any ivelany/FFBP	985 000 000
FITAMBARANY	7 486 900 953

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA-5

Ny farafahabetsaky ny sorabola anomezan-dàlana amin'ny Tetibola Ankapobe amin'ny taona 2019 ho an'ireo Zana-bola avy amin'ny trosa, ireo vola omena ny Ministera, ireo antom-pandaniana hafa, ny famatsiam-bola ireo kaomina, ireo fandaniana ho an'ny Hana-pamokarana (famatsiam-bola avy any ivelany sy avy ato anatiny) ary ireo asa marika fanitsiana ny Tetibola ankapobeny 2019 dia mitentina **8 566 283 239 Arivo Ariary**.

ANDININY FAHA-6

Ao anatin'io fetra faratampony io, dia sokafana amin'ny taona 2019 ny sorabola azo ampiharina:

- Hatramin'ny **416 715 239 Arivo Ariary** ho an'ny zana-bolan'ny trosa.
- Hatramin'ny **7 956 576 000 Arivo Ariary** ho an'ireo Andrimpanjakana sy Minisitera,
- Hatramin'ny **4 200 000 Arivo Ariary** ho an'ireo "Organes Constitutionnels"
- Hatramin'ny **3 569 000 Arivo Ariary** ho an'ny Fitsarana Avo
- Hatramin'ny **185 223 000 Arivo Ariary** ho an'ny "Opérations d'Ordre",

Izany hoe:

FAFANA FITSINJARANA NY VOLA HO AN'IREO ANDRIMPANJAKANA SY MINISITERA

Arivo Ariary

	ANDRIM-PANJAKANA / MINISITERA	KARAMA	FAMPADEHANAN-DRAHARAHA				SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA			FITAMBARAM-BENY
			Tambi-Karama	Entana sy Raharaha	Famindram-Bola	Fitambarany	Ivelany	Anatiny	Fitambarany	
01	FIADIDIANA NY REPOBLIKA	11 293 496	20 296 000	24 596 000	22 328 847	67 220 847	76 186 000	23 750 000	99 936 000	178 450 343
02	ANTENIMIERAN-DOHOLONA	0	16 238 000	16 542 000	843 000	33 623 000	0	200 000	200 000	33 823 000
03	ANTENIMIERAM-PIRENENA	0	31 507 000	25 800 000	700 000	58 007 000	0	1 924 550	1 924 550	59 931 550
04	FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA	0	4 381 000	4 461 000	112 000	8 954 000	0	1 000 000	1 000 000	9 954 000
05	FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA	10 174 180	15 302 214	11 203 903	19 096 000	45 602 117	128 768 000	14 315 000	143 083 000	198 859 297
06	FILANKEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY	0	4 677 000	3 029 000	41 000	7 747 000	0	1 604 000	1 604 000	9 351 000
07	VAOMIERA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA	0	9 175 000	2 382 890	321 000	11 878 890	0	32 474 000	32 474 000	44 352 890
11	MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY	47 558 154	4 208 000	8 600 000	13 322 000	26 130 000	0	6 499 000	6 499 000	80 187 154
12	MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA	206 591 537	19 318 000	25 624 000	1 448 000	46 390 000	0	25 336 000	25 336 000	278 317 537
13	SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA	217 821 417	4 421 000	22 063 571	1 089 000	27 573 571	0	38 345 000	38 345 000	283 739 988
14	MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA	32 712 452	1 301 000	14 836 000	86 161 000	102 298 000	16 253 000	62 573 000	78 826 000	213 836 452
15	MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA	120 311 143	448 000	9 459 367	1 588 000	11 495 367	0	29 770 000	29 770 000	161 576 510
16	MINISTERAN'NY FITSARANA	112 223 069	7 733 680	24 739 800	6 230 000	38 703 480	6 856 000	16 423 430	23 279 430	174 205 979
21	MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA	356 198 032	30 006 356	85 184 149	785 930 153	901 120 658	85 955 000	234 266 050	320 221 050	1 577 539 740
25	MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY TETIVOVARANA	5 938 246	803 000	2 717 120	1 523 000	5 043 120	6 102 000	8 007 800	14 109 800	25 091 166
32	MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY FANAFAVOZANA NY FITANTANAN-DRAHARAHAM-PANJAKAA, NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY LALANA SOSIALY	14 191 841	1 612 000	4 352 849	3 285 000	9 249 849	0	5 095 000	5 095 000	28 536 690
34	MINISTERAN'NY INDOSTRIA SY NY FAMPIROBOROBOANA NY SEHATRA TSY MIANKINA	3 957 609	1 288 000	3 300 380	182 000	4 770 380	0	3 328 000	3 328 000	12 055 989
35	MINISTERAN'NY FIZAHAN-TANY	2 759 832	658 200	3 458 240	1 999 000	6 115 440	1 859 000	5 000 000	6 859 000	15 734 272
36	MINISTERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA	10 152 076	1 300 000	3 302 000	17 967 000	22 569 000	8 487 000	2 917 000	11 404 000	44 125 076
37	MINISTERAN'NY SERASERA SY NY FIFANDRAISANA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA	5 944 727	1 721 000	5 574 000	835 000	8 130 000	0	6 920 000	6 920 000	20 994 727
41	MINISTERAN' NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA	23 521 879	2 513 000	10 390 770	8 037 000	20 940 770	392 080 000	71 356 000	463 436 000	507 898 649
43	MINISTERAN'NY HARENA ANATY RANO SY NY JONO	4 837 072	759 000	3 100 000	7 879 000	11 738 000	46 935 000	9 183 000	56 118 000	72 693 072
44	MINISTERAN'NY TONTOLO IANANA SY NY HAIVOHARY ARY NY ALA	14 043 436	1 020 000	2 161 000	958 000	4 139 000	60 667 000	13 793 000	74 460 000	92 642 436
51	MINISTERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO	1 946 369	1 142 000	3 052 190	370 000	4 564 190	122 967 000	14 657 000	137 624 000	144 134 559
52	MINISTERAN'NY RANO,SY NY FIDIOVANA ARY NY FAHADIOVANA	4 878 914	826 000	2 518 230	4 219 000	7 563 230	48 056 000	80 898 000	128 954 000	141 396 144
53	MINISTERAN' NY HARENA ANKIBON'NY TANY SY NY SOLIKA	3 292 797	1 647 000	3 603 760	1 079 000	6 329 760	2 000 000	4 878 000	6 878 000	16 500 557
61	MINISTERAN'NY ASA VAVENTY SY NY FOTODRAFITR'ASA	7 092 539	825 000	1 922 925	6 112 000	8 859 925	703 635 000	162 650 000	866 285 000	882 237 464
62	MINISTERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY	13 140 448	2 686 000	3 120 695	5 317 000	11 123 695	193 490 000	43 318 170	236 808 170	261 072 313
63	MINISTERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO	4 067 001	1 000 000	5 027 260	11 891 000	17 918 260	33 281 000	31 782 000	65 063 000	87 048 261
66	MINISTERAN'NY PAOSITRA, NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPIVOVARANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA	1 568 436	138 000	765 050	23 000	926 050	77 924 000	5 298 000	83 222 000	85 716 486
71	MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA	214 031 247	2 209 550	34 348 000	32 169 000	68 726 550	213 635 000	74 113 000	287 748 000	570 505 797
75	MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA	11 126 375	1 907 000	1 354 820	7 833 000	11 094 820	3 581 000	8 360 000	11 941 000	34 162 195
76	MINISTERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIVOVARANA NY VEHVIVAVY	6 297 089	1 032 000	5 820 800	3 000 000	9 852 800	25 241 000	14 000 000	39 241 000	55 390 889
81	MINISTERAN'NY FANABEZAM-PIRENENA	796 339 245	10 008 000	56 420 000	87 386 000	153 814 000	82 367 000	160 185 000	242 552 000	1 192 705 245
83	MINISTERAN'NY FAMPANARANA ARA-TEKNIKA ARY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA	25 620 437	1 218 000	5 889 101	13 464 000	20 571 101	10 187 000	22 188 000	32 375 000	78 566 538
84	MINISTERAN'NY FAMPANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA	113 461 214	509 000	8 421 000	124 122 000	133 052 000	103 000	19 999 000	20 102 000	266 615 214
86	MINISTERAN'NY KOLOTSAINASY NY FAMPIROBOROBOANA NY ASA TANANA ARY NY FIAROVANA NY HAREM-PIRENENA	4 107 691	1 166 000	2 417 130	2 402 000	5 985 130	0	6 534 000	6 534 000	16 626 821
	FITAMBARANY ANDRIM-PANJAKANA / MINISITERA	2 407 200 000	207 000 000	451 559 000	1 281 262 000	1 939 821 000	2 346 615 000	1 262 940 000	3 609 555 000	7 956 576 000

Rafitra voalazan'ny Lalàmpanorenana:

RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA	KARAMA	FAMPANDEHANAN-DRAHARAH				SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA			FITAMBARAM-BENY
		Tambi-Karama	Entana sy Raharaha	Famindram-Bola	Fitambarany	Ivelany	Anatiny	Fitambarany	
91 FILANKEVITRA AMBONY MOMBA NY FIAOVANA NY DEMOKARASIA SY NY FANJAKANA TAN-DALANA (HCDEED)	0	0	0	2 200 000	2 200 000	0	0	0	2 200 000
92 VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA (CNIDH)	0	0	0	2 000 000	2 000 000	0	0	0	2 000 000
FITAMBARAN'NY RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA	0	0	0	4 200 000	4 200 000	0	0	0	4 200 000
93 FITSARANA AVO	0	3 000 000	441 000	8 000	3 449 000	0	120 000	120 000	3 569 000
FITAMBARAN'NY IVELAN'NY ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA	2 407 200 000	210 000 000	452 000 000	1 285 470 000	1 947 470 000	2 346 615 000	1 263 060 000	3 609 675 000	7 964 345 000

Asa marika fanitsiana ny Tetibola:

ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA	KARAMA	FAMPANDEHANAN-DRAHARAH				SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA			FITAMBARAM-BENY
		Tambi-Karama	Entana sy Raharaha	Famindram-Bola	Fitambarany	Ivelany	Anatiny	Fitambarany	
21 MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA	0	0	184 734 000	0	184 734 000	0	0	0	184 734 000
44 MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY EKOLOJIA ARY NY ALA	0	0	0	0	0	0	489 000	489 000	489 000
FITAMBARAN NY ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA	0	0	184 734 000	0	184 734 000	0	489 000	489 000	185 223 000

FITAMBARAMBE	KARAMA	FAMPANDEHANAN-DRAHARAH				SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA			FITAMBARAM-BENY*
		Tambi-Karama	Entana sy Raharaha	Famindram-Bola	Fitambarany	Ivelany	Anatiny	Fitambarany	
FITAMBARAMBE	2 407 200 000	210 000 000	636 734 000	1 285 470 000	2 132 204 000	2 346 615 000	1 263 549 000	3 610 164 000	8 149 568 000

Izany hoe amin'ny Fitambarany :

LOHATENY	SORA-BOLA (Arivo Ariary)
ZANA-BOLA AMIN'NY TROSAM-PANJAKANA	416 715 239
NY HOENTI-MANAN'NY ANDRIM-PANJAKANA	7 956 576 000
« ORGANES CONSTITUTIONNELS »	4 200 000
FITSARANA AVO	3 569 000
ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA	185 223 000
TOTAL	8 566 283 239

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA-7

Araka ny fitsinjarana hita ao amin'ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity, ny andinindiny dia ekena ny fanoratana ny soritr'asa nomen-dàlana ao amin'ny Tetibola ankapobe 2019 izay mitentina **11 860 000 000 Arivo Ariary** mba ho fandaniaho amin'ny fampiasam-bolam-panjakana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

ANDININY FAHA-8

Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2019 dia mitentina **3 610 164 000 Arivo Ariary** mba ho fandaniaho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

ANDININY FAHA-9

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniaza azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra amin'ny taona 2019 dia novinavinaina ho toy izao:

Arivo Ariary	
FANONDROANA	TETI-BOLA
VOLA MIDITRA	6 000 000
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	6 000 000
- Renivola miditra	0
FANDANIANA	6 000 000
- Fandaniaza ho fampandehanan-draharaha	6 000 000
- Fandaniaza-pampiasam-bola	0
.Alàlana handraikitra fandaniaza	0
.Sora-bola fanefana	0

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA-10

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniaza azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Tranom-printim-pirenena amin'ny taona 2019 dia novinavinaina ho toy izao:

Arivo Ariary	
FANONDROANA	TETI-BOLA
VOLA MIDITRA	38 015 050
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	38 015 050
- Renivola miditra	
FANDANIANA	38 015 050
- Fandaniaza ho fampandehanan-draharaha	26 315 300
- Fandaniaza-pampiasam-bola	
.Alàlana handraikitra fandaniaza	11 699 750
.Sora-bola fanefana	11 699 750

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA-11

Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakana dia vinavinaina ho **791 134 731 Arivo Ariary** amin'ny vola miditra ary ho **1 181 928 385 Arivo Ariary** ho an'ny fandania araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity.

Arivo Ariary	
FANONDROANA	TETI-BOLA
VOLA MIDITRA	791 134 731
- Avansy	0
- Kaontim-bola nindramina (remboursement)	0
- Kaontim-bola nindramina (régularisation/consolidation)	2 040 552
- Kaontim-pandraisana anjara	0
- Kaontim-barotra	765 941 179
- Kaontim-bola voatokana	23 153 000
VOLA MIVOAKA	1 181 928 385
- Avansy	0
- Kaontim-bola nindramina	193 395 000
- Kaontim-bola nindramina (remboursement)	0
- Kaontim-pandraisana anjara	199 439 206
- Kaontim-barotra	765 941 179
- Kaontim-bola voatokana	23 153 000

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA-12

Ny Ministry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola dia omena alàlana amin'ny taona 2019 hanao fanomezam-bola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara tsy mihoatra ny **392 834 206 Arivo Ariary** araka ny tabilao atovana amin'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA-13

Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin'ny taona 2018 dia vinavinaina ho **0 Ariary** amin'ny fandania ary **1 549 100 Arivo Ariary** eo amin'ny vola miditra.

ANDININY FAHA-14

Ny vinavinan'ny kirakira momba ny trosam-panjakana dia ferana toy izao manaraka izao:

		Arivo Ariary
- eo amin'ny vola miditra	4 634 865 408
- eo amin'ny fandania	3 166 238 568

ANDININY FAHA-15

Ny fifandajana ankapoben' izao Lalàna natao ho Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2019 dia ferana araka izao tabilao manaraka izao:

FIFANDANJANA MOMBA NY LALÀNAN'NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2019

Arivo Ariary

FANONDROANA	VOLA MIDITRA	FANDANIAM-BOLA
FIZARANA I TETIBOLA ANKAPOBE		
a.- Lahasa fampandehanan-draharaha	6 501 900 953	4 956 119 239
b.- Lahasam-pamokarana	985 000 000	3 610 164 000
FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANKAPOBE	7 486 900 953	8 566 283 239
HANISISA FIZARANA I		-1 079 382 286
FIZARANA FAHA II TETIBOLA ANANKINA		
a.- Lahasa fampandehanan-draharaha	44 015 050	32 315 300
b.- Lahasam-pamokarana	0	11 699 750
FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANANKINA	44 015 050	44 015 050
HANISISA FIZARANA II		0
FIZARANA FAHA III FAMPIASANA NY KAONTY MANOKANA NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA		
FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA III	791 134 731	1 181 928 385
HANISISA FIZARANA III		-390 793 654
FIZARANA FAHA IV FAMPIASANA NY TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY		
FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA IV	1 549 100	0
HANISISA FIZARANA IV		1 549 100
FIZARANA FAHA V FAMPIASANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA		
a.- Trosa Anatin'ny		
. Bons du Trésor	2 639 135 408	2 441 031 508
. Fanefana/Fanangonana		
. Avansy	261 000 000	222 000 000
. Samihafa	81 500 000	50 010 000
b.- Trosa ivelany		
. Amortissement capital		244 709 000
. Fisamborana	1 533 230 000	
. Famatsiam-bola manokana	0	
. Fanamaivanan-trosa CP		
. Régularisation Emprunts	120 000 000	
. Fanamaivanan-trosa IPPTE		
. Fiovaovan'ny ape		
c.- Disponibilité Mobilisable	0	208 488 059
FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA V	4 634 865 408	3 166 238 568
HANISISA FIZARANA V		1 468 626 840
FITAMBARAMBENY	12 958 465 242	12 958 465 242

III.FEPETRA MANOKANA

ANDININY FAHA-16

Ankatoavina ireo didim-panjakana manova ny sorabola ho fampandehanan-draharaha sy fampiasam-bolam-panjakana, noraisina nandritra ny taom-pampiharana ny tetibola 2018, ho fanatanterahana ny andininy faha-19 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana.

ANDININY FAHA-17

Ao amin'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakana 2019, ny fetran'ny fitrosana ivelany azon'ny Fanjakana Foibe atao dia mitentina 4 111 miliara Ariary.

Ny fetran'ny antoka izay afaka omen'ny Fanjakana amin'ny taona 2019 dia ferana ho 237 miliara Ariary. Ho takalon'izany, ny Tahirim-bolam-panjakana dia omena alalana haka ny saran'ny antoka any amin'ireo izay nahazo izany.

